# HANDEHA AHO

## MIARAKA AMIN'NY ANKOHONAKO!

HERINANDRON'NY
FATORAM-PIANANKAVIANA

**12 - 19 FEBROARY** 2022

# Ny ANKOHONAKO,

## VAVOLOMBELONA HO AN'I KRISTY



*Departemantan'ny fiainam-pianankaviana*

*Fivondronambe ny federasiona eto amin'ny ranomasimbe indiana*

# Handeha aho miaraka amin'ny fianankaviko!

## FITARIHAN-TENY

**Fifaliana ho anay ny manolotra firarian-tsoa ho anareo** ao amin'I Jesosy Kristy amin'ity taona vaovao 2020 ity, ry fianankaviana malala ato amin'ny ranomsim-be Indiana, na dia eo aza ny toe-javatra sarotra izay mbola atrehintsika foana. Rariny raha mbola manana fanantenana isika na dia izany aza satria mbola Andriamanitra no mifehy ary hitarika ny fianankaviantsika ho tody soa any an-tseranana, raha mbola avelan'izy ireo hitarika ny zava-drehetra koa Izy.

**Amin'izao ankatoky ny fiverenan'I Tompontsika, Jesosy Kristy izao,** dia adidintsika maika indrindra ny mandeha amin'ny maha fianankaviana antsika mba hanomana ireo fianankaviana hafa ho amin'ilay mandrakizay izay andrandraintsika sy mampitoetra ao amintsika ny fanantenana tontolo tsara kokoa sy maharitra mandrakizay, ary ny teny baikontsika amin'ity taona 2022 ity dia hatrany: "Handeha aho, miaraka amin'ny ankohonako."

**Fifaliana ho anay ary ny manolotra ity tahirin-kevitra ity,** ho an'ny herinandron'ny Fatoram-pianankaviana, izay mampivoitra ny andraikitsika ara-panahy amin'ny maha fianankaviana antsika; pastora Richard Lemhann sy Tania vadiny, izay niangaviana manokana, no nanomana azy ity. Ny toriteny amin'ny sabata faharoa dia nomanin'ny iray amin'ireo filoha lefitry ny foibe maneran-tany, pastora Geoffrey Mbwana, izay sady mpanolo-tsain'ny departemantan'ny fiainam-pianankaviana eo anivon'ny foibe maneran-tany.

**Mankasitraka azy ireo izahay** amin'ny anjara biriky hoentin'izy ireo ary mivavaka mba ho fitahiana ho an'ny fianankaviana tsirairay eo anivon'ny fivondronam-be misy antsika ity herinandro ity.

**Wesley § Nicole ORIEUX**

*Departemantan'ny fiainam-pianankaviana*
*Fivondronambe ny federasiona eto amin'ny ranomasimbe indiana*



# TENY FAMPIDIRINA

"Hitahy izay manisy soa anao Aho, ary hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.

Genesisy 12.3



## ... Tokantrano kristianina ...

Nasehon'Andriamanitra ny tetik'asany ho an'ny olombelona rehetra rehefa niresaka tamin'I Abrahama Izy: hitahy ny fianankaviana rehetra. Ny drafi-panavotana, ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny israely teto amin'izao tontolo izao, ny fiavian'I Jesosy, ny firoboroboan'ny fiangonana, ny antom-pisian'ny fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito, dia nanana tanjona tokana: ny hahasambatra ny fianankaviana rehetra eto an-tany. Ary tena tsapatsika mihitsy izany fa tsy misy fahasambarana lehibe ety ambany masoandro ary tsy misy fijoroana ho vavolombelona mahery vaika indrindra amin'izao tontolo izao mihoatra noho ny tokantrano milamina sy miadana izay hivelaran'ny tsirairay ao anatin'ny fifampizarana fitiavana.

Atao ahoana nefa ny hahatratra izao tontolo izao ho an'I Kristy, maneho ny endrik'Andriamanitra

amin'ny hafa ary ho fitahiana ho azy ireo, rehefa ahitana tsy fahombiazana sy zava-dratsy tahaka ny an'izao tontolo izao koa ny tokantranontsika? Maro ireo zaza izay mandao ny fiangonana, na koa mirenireny satria ny tokantranon'ny ray aman-dreni'izy ireo, ny tokantrano izay tokony hitondra fanohanana, sy fiononana, ary ho modely ho azy ireo, no rava, tratry ny fisaraham-panambadiana, fisaonana ary tsy fisian'ny asa.

Eny tokoa, tsy azontsika sakanana ny tsy fahombiazana. Ny fanorenana rehetra, na dia masina aza, dia miatrika tsy fahombiazana avokoa. Nefa ny herin'ny Filazantsara dia ahafahantsika manorina na manangana indray fototra tsara, eo amin'ny vatolampy izay mafy sy tsy miovaova dia Jesosy Kristy. Ekena fa tsy manana traik'efa afa-tsy izay tao amin'ny tokantrano niaingantsika isika rehefa mandeha miatrika fiainana. Mora kokoa ny mitady vady sy ny manambady mihoatra ny fihaikana hiaraka mandritra ny fiainana. Aleon'ny olona sasany mifidy ny hiara-monina fotsiny na manao fanambadiana andrana satria dia matahotra ny tsy fahombiazana izy ireo. Ary ny ankizy indray dia haintsika ihany ny fomba fanamboarana azy, fa raha ny hitaiza dia tsy manana traik'efa mihitsy isika. Ny faran'izay tsara ataontsika dia ny mandray lesona tamin'ny zaza voalohany mba hanaovana tsara kokoa amin'ilay zaza faharoa.

Tombontsoa fanararaotra manokana ity herinandro ity mba hahafahantsika mieritreritra momba ny tokantranontsika, ny zanatsika, ny ray aman-drenintsika sy ny mety hahazoantsika hevitra avy amin'ny fitiavan'I Jesosy eo amin'ny fifandraisantsika samy isika, mba ho loharano mitondra fampaherezana sy ho fijoroana vavolombelona mahery vaika ny Filazantsara izay entintsika. Ho dingana voalohany hitarika ho amin'ny dingana iray hafa izany. Satria toy izany no fandrosoana, miandalana miaraka amin'I Jesosy ilay Mpiandry antsika.

Nanaraka fiofanana mafonja momba ny fianankaviana i Pastora Lehmann sy Tania Zurcher vadiny, fiofanana izay natolotry ny departemantan'ny fianankaviana ao amin'ny foibe maneran-tany tany amin'ny Anjerimanontolo advantista tao France, sy tao amin'ny Andrews University tany Etazonia izay nampianarin'ireo mpampianatra tao ihany.

Nanao seminera maro momba ny fianankaviana izy ireo tamin'ny fotoana naha tompon' andraikitry ny departemantan'ny fanabeazana sy ny fianankaviana an'i Pastora Lehmann tao amin'ny Federasionan'ny fiangonana advantista tao avaratr'i Frantsa.

**Richard § Tania LEHMANN**

*Collonges-sous-Salève*
*France*



# Ny FANAMBADIANA



**"Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany hianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy.** **Efesiana 5.33**

Fomba fanao, eto amin'izao tontolo izao tahaka ny ao amin'ny fiangonantsika, ny manokana andro iray, na herinandro iray eny mety taona iray koa aza, ho an'ny fanabeazana, ny fianankaviana na ny ankizy. Matoa misy fotoana hatokana amin'ireo mpandrafitra ny fiaraha-monina ireo dia famantarana izany fa misy zavatra manahiran-tsaina ao. Tandindomin-doza ny fianankaviana, mampametra-panontaniana ny fanabeazana ny ankizy. Mihamitombo ireo zava-dratsy miseho: fisaraham-bady, fiparitahana, famonoana vehivavy, fandaozana. Tsy mitranga afa-tsy amin'ny hafa izany, hoy isika, mandra-pisehon'izany ao amintsika.

Ny hoe manorina tokantrano dia mampikambana vinavina roa, mampiray fivoarana roa ho amin'ny làlana telo samihafa: ny firindrana tanteraka, ny tsy fitovian-kevitra mihitsy na fiainana roa mirazotra. Tokony hatao foana izany ny fifampiresahana mba hahazoantsika antoka fa miara-mijery any amin'ny tanjona iray isika.

## A. Ny toetoetry ny fanambadiana

Tsy firaisan'ny zavatra roa ny fanambadiana, fa fikambanan'ny

olona roa, mba hamorona fikambanana vaovao. Ny fanafangaroana loko, manga sy mavo ohatra dia mampiseho ny maitso, ny fampifangaroana ny karazana vy hafa dia manome varahina, ary ny fikambanan'ny lehilahy iray sy vehivavy iray no manorina ny tokantrano. Tsy mitovy amin'ny kajy nefa satria ny 1+1 dia tsy manome roa fa iray ihany. Izany no fanirian'ny Mpamorona rehefa niteny momba ny lehilahy sy vehivavy izy hoe, "*ho nofo iray ihany izy roroa.*" **Genesisy 2:24.** Izay rehetra manakana io tanjona io, satria io no tanjona, dia mifanohitra amin'ny drafitr'Andriamanitra. Fotoana fanararaotra hijerena ny olana ny herinandro fivavahana, ary fijerena izay fomba handresena azy ireo. Ireto ny sasantsany amin'ireo:

## B. Ny "isika" alohan'ny izaho

Ao amin'ny epistiliny ho an'ny Romana, dia miantso ny mpamaky ny apostoly Paoly mba "*hitari-dalana ho amin'ny fifanomezam-boninahitra*" **Romana 12:10.** Ny atao hoe mahay manaja, dia mora mahatsapa izay zavatra ilain'ny hafa, mahay manome izany mialoha, mahay miala amin'ny tena mba hifantoka amin'ny hafa. Raha fintinina dia mahay mampifaly.

Tahaka ny tena mora izany mandritry ny fotoana mialohan' ny fanambadiana. Mifanolotra fanomezana, manao teny manome lanja sy maneho fankasitrahana. Fa rehefa mivady, dia adino ny misaotra, ny miteny am-pahalemem-panahy, lasa tsy dia miraharaha firy, be fitakiana ary tsy miraika. Mba hahalalana hoe ahoana no mba hahatonga antsika mahay manaja, dia aoka ho tsarovana ireo fitondran-tenantsika fony vao nitia izay ho vadintsika isika.

Any amin'ny fiaraha-monina sasany dia mbola misy ny fanambadiana namboarina (na noterena) izay tsy hananan'ny ankizy safidy. Na izany aza, dia tsy hitoetra ny fahasambarana raha tsy ao anatin'ny fifampizarana fitiavana.

Misy angano sinoa izay

mitantara momba ny paradisa sy ny helo. Any amin'ny helo (afobe), dia mipetraka eo anoloan'ny vilia jobo misy vary ireo ratsy fanahy, nefa tsy manana sotro afa-tsy hazo lavabe mirefy iray metatra. Tsy vitan'izy ireo ny mampiasa izany ka dia maty noana izy ireo. Tsy hafa noho izany koa ny any am-paradisa, kanefa dia voky tanteraka ireo olom-boafidy. Hazo iray metatra ihany koa ny fihinanana ananan'izy ireo, fa saingy hampiasainy izany mba hamahanany ireo olona eo anoloany. Ka dia afa-po ny rehetra.

## D. Ny fifanaraham-panambadiana

Misy telo ny karazana fifanaraham-panambadiana: **1. Orinasa.** Ao amin'io fifanarahana io, dia miaiky ny mpiombon'antoka anankiroa fa hanao izay hampandeha azy tsara, ary ny tsirairay dia mitady izay hahazoany tombontsoa betsaka indrindra. Zarazaraina ny asa, ary tsy maintsy manao ny adidiny ny tsirairay. Ny vehivavy, no mpiahy ara-tsosialy ny ao an-trano, mahandro sakafo, mikarakara ny trano sy manasa lamba. Ny lehilahy, dia ilay mpanamboatra ny simba, manao ny asa rehetra misy, ary miandraikitra ny fanamboarana izay mangozohozo. Milamina avokoa ny zavatra rehetra rehefa samy manao ny andraikiny ny tsirairay, sady tsy mieritreritra izay ataon'ilay ankilany. "Inona no hanomezanao tsiny ahy, efa nanao izay tokony nataoko aho?"

Ny karazana fifanarahana faharoa dia **2. Fifanarahana arak'asa.** Ao amin'io fifanarahana io, dia manompo ny anankiray ny anankiray. Matetika dia ny vehivavy no mpanompon'ny lehilahy. Adidin'ny lehilahy ny mitady izay hamelomana ny ankohonana ary an'ny vehivavy indray ny manao izay handehanan'ny zavatra rehetra. Mandeha tsara izany rehefa mbola manana asa ilay lehilahy ary salama tsara ilay vehivavy. Mety hisy ny faharavana raha vao misy iray amin'izy roa tsy tomombana.

Ny karazana fifanarahana fahatelo dia **3. Fifanarahana fanekena:** ma-

naiky aho, amin'ny alalan'ny fanambadiana mba hanao izay hahasambatra ny vadiko fa tsy hanome fahafaham-po ny ambom-poko. Ny tetik'asan'ny mpivady dia ny hahatonga ny andaniny sy ny ankilany ho sambatra. Na inona hitranga na inona hanjo anao, dia hijoro ho mahatoky aho, hikarakara anao ary hanolotra ny tenako ho anao. Ny fahasambaranao no tanjon'ny fiainako.

Ity fifanarahana misy fifanekena ity dia ilay ataon'Andriamanitra amintsika. Ao anatin'io fifanarahana io, izay mahery indrindra dia Andriamanitra izany, no tonga hamonjy ny malemy indrindra. Izy no ilay mihaino sy manatanteraka ny faniriantsika, ilay azontsika hianteherana, ary mpamonjy mora azo amin'ny fahoriana. Ny sarin'ny fanambadiana dia ampiasaina matetika ao amin'ny baiboly mba hanehoana ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny olony, eo amin'I Jesosy sy ny fiangonany (Jereo ny bokin'I Hosea, na 2Kor 11:2, Apok 19:7). Azontsika tarafina avy amin'ireo fanehoana ireo fa tena dodona tokoa Andriamanitra ary matoky tanteraka.

## ...Ny fahasambaran'ny tokantrano...

Araka ny hevitra iombonan'ny be sy ny maro dia mifandray amin'ny fanambadiana ny fahasambarana. Tena fahadisoana lehibe izany. Tsy ao anatin'ny fanambadiana no ahitana ny fahasambarana. Ary maro ireo izay mety hilaza amintsika fa tsy nahita izany tao. Raha ny marina dia tsy misy n'inon'inona ao amin'ny fanambadiana afa tsy izay entintsika ao.

Zavatra haorina ny fahasambarana, ary arovana sy tandroana. Azo avy amin'ny tolona, sy fahafoizan-tena ary famelan-keloka izany. Tsy hoe ao amin'ny fahafaham-pon'izay sondrian-tory noho ny havokisana rehefa avy nihinana sy nisotro izany. Satria diso ny fahazoana azy dia matetika no lasa toa misambodrivotra fotsiny ny mpivady.

Tsy mitovy ny fahitan'ny olona iray ny fahasambarana ny fahitan'ny olona iray hafa azy. Samy manana ny heviny ny tsirairay. Dia tahaka izay koa ny fanambadiana. Samy manana ny zavatra antenainy ny tsirairay. Ary tsy sambatra isika raha tsy tanteraka ireo faniriantsika ireo. Kanefa dia miditra ao amin'ny fanambadiana isika nefa tsy mahalala izay andrasan'ny ankilany akory momba izany. Mety hanantena zavatra be loatra ankoatra ny vady ny olona iray. Ary mety tsy hahalala izay antenain'ny ankilany akory isika. Indraindray, rehefa mandeha ny fotoana, dia hitantsika ihany izany, ka na isika afaka manome fahafaham-po azy na tena tsy mahavita izany. Matetika dia sambatra isika rehefa fantatry ny ankilany izay antenaintsika kanefa isika tsy nilaza azy akory. Fotoana fanararaotra ny herinandro fivavahana mba hizarana amin'ny vady ny zavatra andrasantsika, ny zavatra nandiso fanantenana antsika, ary ny fahasambarantsika.

<u>**Fampiasana fampiharana**</u> **:**

*1. Manaova lisitry ny zavatra andrasanao, indrindra ireo izay efa vitan'ny vadinao, dia avy eo ireo izay mbola mampalahelo satria tsy nahazoanao fahafaham-po, dia zarao aminy. Ampidiro ao amin'ny fampiasana koa ny ankizy.*

*2. Manaova tetik'asa izay hahatonga anareo ho sambatra dia miezaha manatanteraka ny sasantsany amin'izy ireo.*

# Ny FINOANA **EO AMIN'NY MPIVADY**



**"Fa na Saraha aza, dia finoana koa no nandraisany hery hanana anaka, rehefa nitsaha-jaza izy, satria nataony fa mahatoky Ilay efa nanome ny teny fikasana.** **Hebreo 11.11**

Abrahama no rain'ny mpino. Modely ho an'ny mpino rehetra ny finoany. Ary ny apostoly Paoly dia mamintina ao anatin'ny fehezanteny iray ny toetoetra lehiben'izany finoany izany: "*ary na dia efa tsy nisy nanantenana intsony aza, dia nanantena ihany izy ka nino*" **Romana 4:18**. Manoloana ny tsy azo tanterahina, sy ny famoizam-po tanteraka, dia nino foana Abrahama. Nino izy fa mbola ho tanteraka foana ny teny fikasan'Andriamanitra hanome azy taranaka na dia efa niharan'ny vokatry ny fahanterana aza ny vatan'izy sy Saraha. Adinontsika matetika fa tsy ho tanteraka io fitahiana io raha tsy amin'ny alalan'ny mpivady izay tena miray.

## ... Finoana iraisana ...

Rehefa nanome ny teny fikasana ho an'i Abrahama Andriamanitra, dia nitaky ny finoan'i Saraha koa izany (**Genesisy 18: 9-15**). Matetika isika dia mihevitra fa ny finoana dia ho an'ny tena manokana. Kanefa teto amin'ny toe-javatra niainan'i Abrahama dia nianki-

na tamin'ny finoan'i Saraha koa ny fahatanterahan'ny teny fikasana. Tsy maintsy nino tahaka an'I Abrahama koa Saraha. (**Hebreo 11:11**).

Tsy finoana tsy miasa ny finoan'i Abrahama sy Saraha. Tsy natao ho tonga avy any an-danitra hoentin'ny vorona ny zaza izay hateraka. Tsy maintsy nanana fifandraisana tsara I Abrahama sy Saraha, nifampikarakara tsara mba hahafahan'izy ireo manana firaisana ara-nofo ara-dalana. Nampianatra antsika ny siansa fa ny fivoahan'ny atody ao amin'ny vehivavy dia miankina betsaka amin'ny tontolo manodidina sy ny toe-javatra iainana ary ny fihetseham-po hiainana eo am-panaovana firaisana ara-nofo, ary ny tanjaky ny lehilahy koa. Mba hahatanteraka ny teny fikasana dia tsy maintsy miray tsara ny mpivady ary samy mino.

Toa milaza amintsika izany fa io no drafitr'Andriamanitra ho an'ireo izay manana ny finoan'I Abrahama, ary toy izany koa ho an'I Isaka sy Jakoba. Nisosa tao anatin'ny fitiavana tokoa ny fanambadian'I Isaka sy Rebeka. Ny finoan'ilay mpanompon'I Abrahama no nahafahany nahita tovovavy tsara tarehy sady tena tsara fanahy ho vadin'I Isaka. Ary tonga dia tia azy Isaka raha vao nahita azy teo ambony rameva. Nivady izy ireo, nahazo antoka fa eo am-pelatanan'Andriamanitra ny ho aviny. Kanefa niandry roapolo taona izy ireo vao nahazo ireo zaza kambana, Esao sy Jakoba.

Jakoba, ilay patriarka fahatelo taorian'I Abrahama sy Isaka, dia hiasa fito taona mba hahafahany manambady an'I Rahely izay olona tena tiany. Kanefa, tsy teraka Josefa, ilay zanak'izy ireo lahimatoa raha tsy efa nahatratra 90 taona Jakoba. Mpivady telo, tantara mampalahelo telo. Alaivo sary an-tsaina anie ny fitaintainana tsy maintsy niaretana, ny toe-po nisy tamin'izany ary ny fiandrasana tsy misy fiafarany. Kanefa ny fitiavan' izy ireo, izay nitoky tamin'ny fahatokian'Andriamanitra, dia tsy nilofika. Ny fanalahidiny? "*Ary Isaka nangataka*

*tamin'I Jehovah ho an'ny vadiny, satria momba izy; ary nohenoin'I Jehovah ny fangatahany dia nanana anaka Rebeka vadiny."* (**Genesisy 25:21**)

## ...Ny vavaka eo amin'ny mpivady...

Ireo patriarka mivady ireo dia mpivady izay nahitana fa naka anjara-toerana lehibe teo amin'izy ireo ny vavaka sy ny firesahana tamin'Andriamanitra. Ny lehilahy mivavaka ho an'ny vadiny, sy ny vehivavy mivavaka ho an'ny vadiny, dia mahazo finoana sy fitiavana avy any am-potony.

Aoka tsy hieritreritra fa ny finoana lehibe dia karazana hery izay azo ampiasaina amin'ny fotoana rehetra mba hanatsorana ny tanan'Andriamanitra. Ny finoana lehibe dia ny finona izay maharitra, mitohy, ary tsy milefitra amin'ny fahakiviana. Nifampivavaka nandritry ny taona marobe ireo patriarka ireo mba hahatanteraka ny teny fikasan'Andriamanitra. Mahatohitra ireo sakana ny finoana.

Fiainana iraisana ny fiainam-pinoana. Matoa nataon'Andriamanitra teo anivon'ny mpivady izany, hatrany am-piandohana, dia satria ny mpivady no toerana tsara indrindra hahafahan'ny finoana mivelatra; tsy adidin'olon-tokana ny finoana fa an'ny daholobe. Avy amin'izay nanome antsika izany ny finoana. Nomena antsika ny Baiboly satria nisy hafa izay maty mba hitehirizana azy. Mila ny fijoroantsika ho vavolombelona izao tontolo izao mba hinoany koa. "*Fa tena iray ihany isika rehetra*", hoy ny nosoratan'I Paoly ao amin'ny **Romana 12:5**. Koa manoatra lavitra noho izany ny ao amin'ny ankohonana izay ifampiankinantsika rehetra.

## ...Fianankaviana ara-panahy...

Mampiasa teny telo samihafa ny testamenta vaovao mba hilazana ny fianankaviana. Ny voalohany dia manondro ny fianankaviana amin'ny heviny ankapobeny, ary mamaritra karazana, taranaka ary vahoaka.

Teny izay nataontsika amin'ny teny frantsay hoe "gène". Ny faharoa dia manondro foko, fitambaram-poko, izay atao amin'ny teny frantsay hoe "patrie". Ary ny farany, dia mampiasa ny teny hoe "maison" na trano ny grika mba hilazany ny fianankaviana. Fianankaviana iray ireo izay miara-monina ao ambany tafotrano iray. Voafoaka ao anatin'izany ny andevo, ny vahiny ary ny mpifindra monina.

Milaza ny tenany ho fianankavian'Andriamanitra ny fiangonana fahiny. Hoy Paoly tamin'ny efesiana: "*Ankohonan'Andriamanitra ianareo*" (**Efesiana 2:19**). Izany no mahatonga antsika mifampiantso hoe "rahalahy" sy "rahavavy" sady mpiara-mandova amin'I Kristy. Ny fiangonana dia fianankavian'Andriamanitra izay hifampitondrantsika am-bavaka.

Mety hivaha ny olana ao amin'ny tokantrano raha mifampivavaka ny mpivady sy ny zanaka ary ny ray aman-dreny. Ny fotoana hivavahana dia fotoana izay hahafahantsika miresaka an'Andriamanitra ho vavolombelon'ny fahalianana sy ny fitiavantsika ny hafa. Ankoatr'izay, dia mahazo antoka isika fa handre ny vavaka ataontsika amin'ny feo avo ireo olona entintsika am-bavaka. Mivavaha ho an'ny zanatsika eo anatrehany. Mivavaha ho an'ny vadintsika ary misaora an'Andriamanitra ny amin'izay maha zava-dehibe azy. Manaova toy izany ao amin'ny fianankaviam-ben'Andriamanitra, any am-piangonana.

## ... Vavaka miasa ...

Ny finoana dia mitaky asa. Tsy afaka nahita ny fahatanterahan'ny teny fikasana ireo patriarka raha tsy niaina tao anatin'ny fifankatiavana lalina izy ireo. Toy izany koa, tsy ho mafy orina ny finoan'ny zanatsika raha tsy amin'ny alalan'ny ohatra niainan'ny ray aman-dreny sy ny fiangonana.

Teraka tao Hollande any Amsterdam, tao anatin'ny tokan-

trano advantista iray, I Gottfriend, talohan'ny ady lehibe faharoa.Tsy tiany ny mandeha any am-piangonana, ary miraikiraiky aty aorian'ny ray aman-dreniny foana izy, mba tsy ho hitan'ny namany. Tamin'io sabata tamin'ny 1939 io, dia nidina tao amin'ny tanan-dehibe tamin'ireny elon'aina ireny ireo mpanafika alemana ary dia feom-basy mipoaka no re eraky ny arabe. Na dia teo aza ny loza, dia nanapa-kevitra ho any am-piangonana ny ray aman-drenin'I Gottfriend amin'ny sekoly sabata sy ny fotoam-pivavahana.

Ilay fiangonana, raha azo lazaina ho izay, dia trano tao ambanin'ny toeram-pivarotana bisikileta namboarina mba ho toeram-pivoriana. Namakivaky ny Tanàna ny fianankaviana, nifanena tamin'ireo miaramila izay manambana basy, ary nisedra loza ary dia tonga tao am-piangonana nony farany, fa tara kely. Gaga be I Gottfriend fa feno ny fiangonana, tonga daholo ny mambra. Nanapa-kevitra ny hanolotra ny fony ho an'I Jesosy I Gottfriend ny androtr'io ary ho lasa advantista satria nirehareha ny amin'ny fiangonany izy. Raha manome herim-po tahaka izany ny finoana kristiana dia zava-dehibe izany ny mino. Lasa misionera lehibe tany Indonezia i Gottfriend.

Ity herinandro fandinihana momba ny fianankaviana ity dia fanararaotra ho antsika mba hahafahantsika miverina indray amin'ny halalin'ny finoantsika eo anivon'ny tokantranontsika sy ny fiangonana.

Fandinihina sy asa atao :

*1. Inona no toerana raisin'ny finoana ao an-tokantranoko? Voafetra eo amin'ny sakafo iraisana fotsiny ve izany?*

*2. Angataho ny olona tsirairay ao amin'ny fianankavianao mba hivavaka ho an'ny olona hafa ao ary misaora an'Andriamanitra ny aminy. Azo atao ao am-piangonana koa izany amin'ny vavaka tsiroaroa.*

# Inona no SEKOLY TSARA **HO AN'IREO ZANAKO?**

"**Ary tiava an'I Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra. Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao. Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha any an-dalana, na mandry na mifoha.** **Deoteronomia 6.5-7**



Iray amin'ireo andraikitra lehibe izay nankinin'Andriamanitra tamin'ireo ray aman-dreny dia ny fampitana fahalalana. Tamin'ny fotoana izay nampahalana ny soratra, dia natao am-bava ny fampitana. Nampita ny asany, ny tombambidiny, ary ny finoany tamin'ny zanany ny ray aman-dreny. Ny fiaraha-monina izay ahitana ireo foko, sy firazanana ary firenena dia mandala ny soatoavina mitovy eo ambany fiahian'ny loholona na ny mpisorona. Tsy maintsy mitahiry ny lova iraisana ny tsirairay. Ho an'ny Israely dia voasoratra ao anatin'ny Thora, izay ahitana boky dimy nosoratan'I Mosesy, ny lalàna mifehy ny fiaraha-monina.

*Izany no drafitr'Andriamanitra. Kanefa rehefa nipetraka tao Kanana ny zanak'israely, dia nifangaro tamin'ny firenena mpanota ka nianatra ny fomban'ireo. Lasa tsy niraika tamin'ny adidin'izy ireo*

*tamin'ny zanany ireo ray aman-dreny. Mba hamenoina izany fahabangana izany dia nanangana ny sekolin'ny mpaminany I Samoela mpaminany, araka ny baikon'Andriamanitra. Ireo sekoly ireo dia natao mba hisakana ny fihanaky ny kolikoly, hiantoka ny fifandanjana ara-tsaina sy ara-panahin'ny tanora, ary hanome vahana ny fampiroboroboana ny firenena amin'ny fanolorana azy filoha sy mpitarika mahay, izay hiasa ao anatin'ny fanajana an'Andriamanitra."*
**Ellen G. White, Education, p. 54.**

misahirana kokoa mampita fahalalana noho ny soa toavina. Matetika dia saratsarahan'ny fisaraham-bady, ny fahafatesana ary ny tsy fananana asa ny fianankaviana. Tavela ho irery eny ny ankizy ary tsy misy modely alaintahaka mba hanitsiany ny fitondran-tenany. Izany no maha zava-dehibe ny sekoly kristianina advantista izay tsy hoe manome mari-pahaizana fotsiny fa koa hahafahany mamolavola toetra matotra sy voalanjalanja.

## ... Ny fiaikana atrehintsika ...

Ankehitriny ny ray aman-dreny dia miady mafy amin'ny fiainana, na mba hahazoana fiainana tsaratsara. Mandany andro bebe kokoa eny an-dalam-be na any an-tsekoly na miaraka amin'ny namany ny ankizy mihoatra noho ny ray aman-dreniny. Ankinina amin'ny haino aman-jery, amin'ny arabe ny fitaizana ny ankizy, ary ny sekoly dia

## ... Ny sekoly idealy ...

Ny ray aman-dreny tsirairay, ny mpampianatra tsirairay, ny mpitarika tsirairay dia tokony hahazo an-tsaina izany hoe sekoly idealy. Mandany andro betsaka hitsikerana ireo izay atao any an-tsekoly isika raha tokony hanampy ireo mpitantana izany hahatanteraka ny fanompoana niantsoana azy. Tsy misy mora ny any an-tsekoly, na amin'ny ambaratonga inona na ambaratonga inona. Tsy milina vy izay baikoin'ny

solosaina ny ray aman-dreny sy ny ankizy ary ny mpampianatra. Olona manana ny fahalemeny, ny fetrany, ary ny fanabeazana azy manokana ireo. Ny sekoly idealy dia izay hiarahan'ny rehetra miasa mba hampiasa ny fahaiza-manaony miaraka. Sekoly izay mamaritra tsara ny soatoavina sy ny karazan-toetra izay tiany ho volavolaina eo amin'ny ankizy koa izany, no sady mampatsiahy fa ny tombambidy dia miampita amin'ny ohatra, sy ny fampiharana mihoatra noho ny teny. Mpampita soatoavina ny mpampianatra ary modely maha te haka tahaka.

Ny herinandro fivavahana momba ny fanabeazana dia toejavatra iray fanararaotra mba hieritreretana momba ny soatoavina izay hampitaina na tsia any amin'ny zanatsika. Tsara mandrakariva ny manao tombana, eo anivon'ny fianankaviana sy ny sekoly, tsy momba ny isan-jaton'ny fahombiazana amin'ny fanadinana ihany, fa momba ny soatoavina izay nampitaina koa. Ny toetra tsaran'ny ankizy dia pasipaoro ho amin'ny fiainana.

# ...Ny fikambanan'ny ray aman-dreny ...

Ny sekoly advantista dia toeram-pianarana tsy miankina, izay vatsian'ny saram-pianarana aloan'ny ray aman-dreny amin'ny ankapobeny. Misy tombontsoa azo avy amin'ireo fandaminana ara-bola ireo satria dia mpiara-miombon'antoka mivantana amin'ny sekoly ny ray aman-dreny na dia amin'ny alalan'ny fanohanana ara-bola fotsiny aza; nefa mbola azo hamafisina ny fiaraha-miasan'ny sekoly sy ny ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fikambanan'ny ray aman-dreny. Izy ity dia mahaleo tena ary olona roambiny folo eo ho eo, manan-janaka mianatra ao amin'ny sekoly, no mivondrona mamorona azy. Ny tanjony dia ny hanohana ny tale sy ny mpampianatra eo amin'ny fanatanterahana ireo tetik'asa, sy ny hizara ny fahaizan'izy ireo ho fanompoana ny sekoly. Raha tsiahivina ny tenin'I Filoha Kennedy tamin'ny andro nanokanana azy dia hoe: “aza manontany izay

mety hataon'ny sekoly ho anareo, fa izay mety hataonareo ho azy."

Noho izany ny ray aman-dreny dia afaka mivory mba hanatsara ny trano fianarana, na hanamboatra ny fanaka simba, hanolotra izay ilaina ho an'ireo mahantra (pensilihazo, kahie, boky…). Amin'ny maha kristiana antsika, dia miray hina isika ary ny tombontsoa iombonana dia miankina amin'ny tsiraika. Afaka mampiasa ny fahalalany hanampiana ny ankizy koa ny ray aman-dreny. Ny fihaonana amin'ny matihanina manazava ny asany amin'ny ankizy dia mety hiteraka antso ho amin'izany asa izany. Koa adidin'ny fikambanan'ny ray aman-dreny izany ny mamorona, mahay maka sary an-tsaina izay mety atao, ary mandray fanapahan-kevitra mba ho lasa tena andrin'ny sekoly. Hitondra soatoavina mihitsy aza ny fisiany, toy ny firaisan-kina, ny fanolorana fotoana hanampiana, ny toe-tsain'ny fanompoana, ny fangorahana, ny herim-po, ny fahafoizan-tena, ny tsy fitadiavana tombontsoa ho an'ny tena, ny firahalahiana, sy ireo toetra maro isan-karazany izay tiantsika ho hita ao amin'ny zanatsika. Nanoratra izao ho an'ny efesianina ny apostoly Paoly: "*fa samy isan'ny momba ny tenan'ny namantsika avokoa isika.*" (**4:25**).

## … Ellen White …


Ny tombontsoa ananan'ny advantista mitandrina ny andro fahafito dia ny fananany, eo anivon'izy ireo, vehivavy iray feno fahendrena, manana asa soratra izay nahafahan'ny fiangonana niroborobo tsy misy fetra rehefa narahina ny toroheviny. Ireo torohevitra ireo no nahafahan'ny fiangonana advantista nanana rafi-pianarana lehibe indrindra erantany, aorian'ny fiangonana katolika. Ho an'I Ellen White, dia zavatra iray sy mitovy ihany ny fanabeazana sy ny fanavotana. Mampita ireo soatoavina izay nipoitra avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanabeazana isika. Ny manana toetra tsara no zavadehibe kokoa noho ny fahaizana be.

Amin'ity herinandro manokana ity, dia nahoana re raha mba hatao izay hahazoana ilay bokiny "Education" ary hatao antompandinihana ao an-trano, any am-piangonana, ao amin'ny fikambanan'ny ray aman-dreny, na koa aza mandritra ny fivorian'ny mpampianatra ny toko tsirairay ao anatiny. Miankina amin'izany ny ho avin'ny zanatsika. Tsy hoe advantista ny sekoly satria izany no voalaza ao amin'ny fàfana, fa satria ny rivo-piainana mamerovero ao dia mitaratra ny fitiavan'i Kristy.

Fampieritreretana sy asa atao :

*1. Ahoana no hahafahako manatsara kokoa hatrany ny fahaizako mba hanolorako fitaizana tsara ho an'ireo ankizy izay nankinina tamiko amin'ny maha ray aman-dreny na mpampianatra ahy?*
*2. Raha tsy misy fikambanan'ny ray aman-dreninin'ny mpianatra ao amin'ny sekoliko, nahoana re raha mba manangana izany e?*

# IREO ZAZA MADINIKA



**"Ary nisy nitondra zazakely teo aminy mba hametrahany Tanana; fa ny mpianany niteny mafy ireny. Nefa tezitra Jesosy, raha nahita izany, ka hoy izy taminy: avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna; fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa: na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory. Ary nitrotro azy Izy dia nametra-tanana taminy ka nitso-drano azy.**

**Marka 10.13-16**

Tsy dia mitatitra firy amintsika ny toe-javatra izay nahatezitra an'I Jesosy ny filazan-tsara. Haintsika tsianjery ny hatezerany amin'ny fariseo. Nefa ato amin'ny andininy izay mahaliana antsika dia tezitra tamin'I mpianany Jesosy. Nisy olona mantsy nitondra zaza mba hametrahany tànana dia nosakanan'ny mpianany izany. Zendana Jesosy. Ny lahatsoratra grika dia miteny fa tena lotika sy nangotraky ny hatezerana mihitsy Jesosy. Nahakasika zavatra iray nahatohina tao amin'ny fon'I Jesosy ireo apostoly. Hitovy amin'ireo mpianatra ireo ve isika? Tena tsara apetraka izany fanontaniana izany satria maro ireo zanatsika izay tsy mandeha intsony any am-piangonana. Marina fa tsy sekta isika ka hangeja ireo mambra ao aminy. Manana safidy malalaka tokoa ireo zanatsika. Ndeha hojerentsika nefa hoe ahoana no hahafahantsika manao tsaratsara kokoa. Ndeha heverina ireo sakana sasantsasany.

## ...Fianankaviana tsy eo lava...

Ao amin'ny ankohonana fahagola dia miara-mpietraka amin'ny ray aman-dreniny ny ankizy ary manampy azy ireo amin'ny asany, any an-tsaha, na ao amin'ny trano fiasana, na any am-pivarotana. Ankehitriny dia matetika ny zanatsika no any an'arabe, milalao miaraka amin'ny namany rehefa tsy any an-tsekoly. Any am-piasana ny ray aman-dreny ary reraka loatra rehefa tonga ao an-trano ka tsy mahavita manokana fotoana hiarahana amin'ny zanany. Ny sasantsasany dia mametraka ny zanany amin'ny tovovavy, tsy dia ampy fianarana loatra, eo amin'ilay taona izay hiforonan'ny fototra ilaina indrindra ao am-pon'ilay zaza.

Kanefa ny zanantsika dia mahatsapa ny soatoavina ananantsika rehefa mandany fotoana miaraka amin'izy ireo isika. Ny ora sarobidy indrindra amin'izy ireo dia ny ora izay hiarahany amin'ny ray aman-dreniny. Afaka ahita olona hitantarana ny manjo ao amin'izy ireo izy, fo izay misokatra mba hizarany ny alahelony, ny fifaliany, ny tsy fahombiazany ary ireo fahombiazany. Matetika nefa dia sahirana loatra isika ho amin'izany.

Raha manana trano fandraisam-bahiny natokana ho an'ny mpamangy isika dia azontsika atao ny manao izany ho ivontoerana handraisantsika ny zanantsika izay ilaozantsika any am-piasana. Mifanomeza fotoana amin'ny zanakao. Indraindray isika dia manome kilalao ho azy ireo, na mametraka azy eo anoloan'ny vata fahitalavitra, tahaka ny miteny hoe: ndehana milalao, ndehana mijery fahita lavitra dia avelao aho hiala sasatra. Mba hanomezana tombambidy ireo fotoana verivery fotsiny ireo, dia tsara kokoa raha milalao miaraka aminy na mijery sy manazavazava aminy izay sary hitantsika ao amin'ny fahita lavitra.

Mariho fa **te hikasika** ireo ankizy ireo Jesosy. Maneho ny fanakekezana tsy maintsy koloko-

lointsika amin'ny zanatsika izany. Mila mahatsapa, ara-batana izy ireo fa liana amin'izy ireo isika. Mila fotoana izy ireo hahatsapany fa mitana ny laharana voalohany eo amin'ny fiainantsika izy ireo, fotoana izay hanehoantsika amin'izy ireo fa afaka ny miato isika mba halalaka ho azy ireo. Tsy hoe mila **mahalala hoe tiana** fotsiny ny ankizy, fa **mila mahatsapa** hoe tiana koa izy.

## ... Ny fitsipi-pifehezana ...

Ny fitsipi-pifehezana ao an-trano dia fomba iray hanaovana mpianatra. Izany no fitsipi-dalao, fefy manodidina izay hahafahan'ny rehetra mihetsika sy mahazo aina. Misy loza telo manambana ny ankohonana manoloana ny fitsipi-pifehazana :

### 1. Ny tsy fisian'ny fitsipi-pifehezana

Tsy misy fiarovana ny tokantrano iray izay tsy ahitana fitsipi-pifehezana. Tsy hain'ny ankizy intsony hoe inona no atao. Miankina amin'ny toe-pon'ny ray amandreny ny tsara sy ny ratsy. Mianatra izany lalàna izany ny ankizy any ivelan'ny tokantrano. Ao an-trano indray dia azo atao ity zavatra iray ity amin'ny fotoana iray, mahabedy indray nefa amin'ny fotoana hafa. Mahazo izay tiany ny ankizy iray rehefa midongy amin'ny fotoana iray, nefa amin'ny andro iray dia voatrerona. Na koa, leferin'ny reniny avokoa ny zavatra rehetra ataony, dia mitady fihavanana aminy izy amin'ny fanomezana azy izay rehetra tiany.

Handringa izany zaza izany na any an-tsekoly na eo amin'ny fiainany satria misy ny lalàna tsy maintsy hajaina ao. Ny fananana fitsipika ao an-trano dia manome antoka ny ankizy satria fantany ny fefy manodidina izay azony hivelarany sy hiainany ny fahafahany. Ny fiainana tsy misy fitsipika dia tahaka ny tetezana tsy misy aro fanina, mety hianjera amin'ny fotoana rehetra.

## 2. Ny fifehezana tafahoatra loatra

Ny fifehezana tafahoatra loatra ampiarahina amin'ny sazy tsy mifanentana dia habibiana izay mahatonga ny ankizy tsy hanome tombambidin'ny tenany sy manosika azy hikomy. Mila toerana hanehoany ny fahafahany ny ankizy mba hampivelatra azy. Raha toa ka nandika ny fitsipika izy, dia mila atao azony izany, dia mila fahalalahan-tsaina sy famindrampo fanindroany koa izy. Ary raha nisy sazy efa natao ho amin'izany dia tsy maintsy hampiharina am-pitiavana izany.

12 taona I Jean Weidner tamin'izy nandositra niala tao an-trano. Mba hanasaziana azy sy hanehoana taminy izay zavatra mety hihatra taminy any am-pandosirana tany dia niteny azy ny dadany fa tsy afaka matory ao an-trano izy ny alin'io. Tsy maintsy matory indray alina miaraka amin'ny milolo ao anaty trano fitehirizam-bokatra izy. Natahotra mafy ilay zaza noho ny voalavo tao, kanefa nahazo toky izy rehefa nahita ny dadany tonga avy any…mba hiara matory taminy tao.

## 3. Ny fiovaovana

Io no fitondran-tena be mpanao indrindra. Mitarika ho amin'ny fahaverezan'ny fahefana ny fanankanana tsy misy farany amin'ny zavatra madinika, ny fitenenana manohitra ny efa voalaza satria tsy mampihatra akory ilay fampitahorana, ary amin'ny fiovaovan-kevitra hoe avelako ianao amin'ity indray mandeha ity.

Ho an'ny Ellen White, dia zavatra iray ihany ny fanabeazana sy ny famonjena. Ny hany zavatra azontsika hoentina any an-danitra dia ny toetratsika. Ny fanabeazana dia mifototra amin'ny famolavolana ny toetra, izay fanalahidin'ny fahombiazana.

## ...Ny famelan-keloka ...

Ny mandray an'I Jesosy eo amin'ny fiainana maha ankizy na

maha ray aman-dreny dia mandray ny famelan-kelok'Andriamanitra. Milaza Andriamanitra fa te hanary ny fahotantsika any ivohony (Isaia 38:17). Isika, dia manana foronana hamatotra ny fahotantsika ao andamosin'ny olona. Ilaina ny mampihatra ny fifamelan-keloka eo anivon'ny fianankaviana. Aoka tsy hiverina foana amin'ny zavatra efa lasa taloha. "*Ianareo ray aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy."* **Efesiana 6.4** Loharanom-pandrosoana sy ahitam-bokatsoa mandrakariva ny fahatsapana ny fahadisoana natao. Tsy fahalemena ny famelan-keloka. Mitahiry ny lalàna izany sady mandrisika ny fitandremana azy.

Ny zanantsika no zavatsarobidy indrindra nomen'Andriamanitra antsika. Tsy tokony hisy hisakana ny fandehanan'izy ireo mankeo amin'ny Jesosy. Tia mampianatra foto-pinoana isika any amin'ny sekoly sabata any am-piangonana. Miankina amin'ny fifikirantsika amin'I Jesosy aloha ny famonjena. Izy no ilay modelin'ny toetra tonga lafatra. Aoka ary isika hiezaka noho izany mba hampifamatotra ny zanantsika amin'I Jesosy.

Ary raha very ny zanatsika, dia mahazo matoky ny reny sy ray ary ny ankizy rehetra fa ny sandrin'I Jesosy dia mivelatra mandrakariva mba handray ireo zanany, dia isika rehetra izany.


Fandalinana sy fampiharana :

*1. Inona ireo karazana fitsipi-pifehezana izay ampiharintsika ao amin'ny fianankaviana, any an-tsekoly ary any am-piangonana?*

*2. Manokàna fotoana hihainoana ny zanantsika sady hanontaniantsika azy hoe inona no fandrosoana mety efa vitantsika ao an-trano sy any am-pianarana ary any am-piangonana. Miomàna hahita zavatra tsy ampoizina.*

# Miaina AO ANATIN'NY FAHATANORANA

**"Tsarovy ny mpanao anao amin' ny andro fahatanoranao, dieny mbola tsy tonga ny andro mahory sy ny taona hanaovanao hoe: tsy sitrako izao.« tsy sitrako izao ».** **Mpitoriteny 12.1**



Lahiantitra I Solomona. Manasa ireo tanora izy mba tsy hiaina tahaka ny antitra. Ny toetoetry ny olona antitra dia ny miaina ao anatin'ny lasa, mitanisa fahatsiarovana: "tamin'ny andronay, fony izahay mbola tanora". Mavesatra ny lasa, mampatahotra ny ankehitriny ary mampanahy ny ho avy.

Manasa ny tanora ny Mpitory teny mba hifaly. Tsy atao fahatany nefa "*satria ny zavatra rehetra dia hoentin'Andriamanitra ho amin'ny fitsarana ny zava-miafina rehetra, na soa na ratsy*" **Mpitoriteny 12:14**

## ... Ahoana no fomba fiainana tsara ny fahatanorana? ...

Tsara ny misakafo, nefa tandremo ny tsy fahalevonan-kanina. Tsara ny mandeha mafy nefa tandremo ny fiolanana. Tsara ny mifaly, kanefa tandremo ny fitsarana. Manokatra làlana ny hendry fa ma-

nisy fetra amin'izany. Tsy misy fahafahana tsy misy fetra izany. Mila ny hery manohitry ny rivotra ny vorona rehefa manidina, mandeha mamaky ny rivotra ny sambokely amin'ny fahalalana tsara ny hery manohitra hananan'ny ranomasina, mihamafy ny hozatra vokatry ny ezaka atao. Ny fianankaviana no toerana hitomboana.

Tsy misy fianankaviana tonga lafatra. Samy manana ny tantarany avy izy ireo, mba tsy hilazana hoe be tantara avy. Na manao ahoana na manao ahoana ny fianankavianao dia toerana hamolavolana anao izany. Raha ohatra izy mikenakena loatra, mamela anao amin'izay tsy mety rehetra, manarona anao ao ambany elany, tahaka ny ataon'ny akoho vavy amin'ny zanany, dia manakana anao tsy hitombo izy, mitazona anao hiankin-doha, ho zaza kely foana. Rehefa lehibe ianao dia hiatrika fiainana izay tsy mitsitsy anao, mampanefa ny sazin'ny fahadisoana natao, izay ahitana sakantsakana mandrakariva. Raha mifanohitra amin'izay kosa, hoe toa hitanao fa henjana sy sarotra iainana, misarabazana noho ny fisaonana, na ny fisaraham-panambadiana ny fianankavianao, be fitakiana, tsy misy ifaharana dia aza mikomy ianao. Ilazao ny tenanao hoe ny ezaka dia mamolavola ny toetra, manomana ho amin'ny tolona, ary manome faniriana hangetaheta ny tsara indrindra. Azonao ampiasaina ho ohatra-mifanohatra amin'izay tianao haorina izany.

## ... Mifidy namana ...

Raha naha ampy anao ny fianankavianao fony ianao mbola zaza, dia ho tia ny hihaona amin'ny namanao ianao amin'ny fahatanoranao. Fahasambarana be izany manana namana izany. Rivotra iainana ivelan'ny fianankaviana izany. Mety hanala ny maha irery anao izy, ho olona hamborahanao ny tsiambaratelo, hanome anao fomba fijery hafa. Nefa tokony ho jerena tsara ireo olona izay hifaneraseranao satria manana hery miasa mangina lehibe aminao izy ireny, na tsara na manimba.

Manimba ve ireo namako? Mba hamaliana izany fanontaniana izany, dia manontania tena raha mampanalavitra na mampanakaiky anao an'Andriamanitra ny fiarahana amin'izy ireo. Mahafaly ahy ve ny mitantara amin'ny olon-dehibe, amin'ny ray aman-dreniko na amin'ny pasitora, ny zavatra ataoko miaraka amin'izy ireo? Nanao ny tsara sa ny tsy mety tamin'ny hafa ve aho? Ho nanao an'izany ve Jesosy?

Ny fanapahan-kevitra noraisina sasantsasany dia mety hanaraka antsika mandritry ny fiainantsika. Mety hanana vokany mavesatra ny safidy ratsy. Ary indraindray dia tsy mpanolon-tsaina lafatra ny namana. Tsara ny mahay manao safidy amin'ireo tombontsoa rehetra misokatra eo anoloantsika, tsy mianina amin'ny hevitra iray fotsiny, fa mifampiresaka amin'ny olon-dehibe azo antoka (ray aman-dreny, mpampianatra, mpandrindra, mpitandrina) mba halalana ny heviny. Ary indrindra, ny mihaino tsara ny feon'ny fieritreretana, satria Andriamanitra dia nampisy feo mibitsika miteny ao am-potsika. Indraindray dia miteny mafy antsika izy io rehefa avy nanao zavatra ratsy isika. Ny fihainoana azy dia miaro azy tsy hangina mandrakizay.

Fotoana manao ahoana no laninao miaraka amin'ny namanao? Tsy misy zavatra sarobidy ohatra ny fotoana. Ny amerikana dia niteny hoe: "vola ny fotoana". Tsy ho azo atao ny manonitra ny fotoana lany satria ny fotoana lany hanaovana izany dia fotoana very mety ho nanaovana zavatra hafa. Raha misy namanao mandany be ny fotoananao rehetra ka hadinonao hatramin'ny manao ny enti-mody any am-pianarana sy ny adidy ao an-trano, ka tara ianao vao mody ary mahatonga adin-tsaina eo amin'ny ray aman-dreninao ny fodianao alina, dia mieritrereta.

Nanoratra izao ho an'ny efesianina I Paoly apostoly: "*araraoty ny andro azo hanaovan-tsoa fa ratsy izao fiainana izao.*" (**Efesiana 5:16**). Ahoana no fomba hividia-

nana zavatra ratsy? Amin'ny fanomezana tombambidy azy. Manao ny toe-javatra rehetra ho fanararaotra hanaovana ny tsara. 12 taona I Elihu Burrit no maty ny ray aman-dreniny. Mba hivelomany dia niasa tao amin'ny mpanefy anankiray izy. Miasa 12 ora izy ka misintona rojo izay mitazona zavatra hitsoka rivotra hampirehitra afo. Nandeha nihindrana boky momba ny fitsipi-pitenenana fiteny vahiny izy. Tsikariny mantsy fa malalaka foana ny tanany ilany rehefa miasa izy. Dia naka boky iray tamin'ny tanany ilany izy ary rehefa feno 20 taona izy, dia lasa mpampianatra tenim-pirenena teny amin'ny anjerimanontolo, sady nahafehy tenim-pirenena mihoatra ny 20. Sarobidy noho ny volamena ny fotoana. Ka aoka tsy homena ho lanian'izay tsy afaka hanonitra izany akory.

## ... Mikolokolo ny finiavana (sitrapo) ...

Mifandray akaiky ny sitrapo sy ny fahombiazana. Ny tanora rehetra izay mitombo ara-dalana dia te hahomby eo amin'ny fiainany. Mila finiavana nefa izany. Ny finiavana dia miankina amin-javatra telo: ny fahasalamana, eo amin'ny lafiny ara-batana, ny antony manosika, eo amin'ny lafiny ara-tsaina, ary ny hery manosika, eo amin'ny lafiny ara-pahaizana. Ny fahasalamana no fonony ivelan'ny sambo. Ny antony manosika no voaly izay atodika araky ny fitsoky ny rivotra. Ny hery manosika no familiana izay misambotra sy manodina ireo hery rehetra. Ny sambo iray izay tsy misy familiana dia mihodinkodina amin'ny tenany fotsiny, na dia manana ny zavatra rehetra ahafahany misosa aza izy.

Tsy avy amin'ny hery ara-batana fotsiny izany ny finiavana fa avy amin'ny fahazavan'ny tanjona kendretsika koa. Ny finiavana dia ny fahaizana mifantoka, sy mifehy ny tena. Mampivondrona ny hery rehetra misy izy. Mba hahafahana mampiroborobo azy dia tsara aloha raha mikarakara ny fahasalamantsika isika. Ny vatana no

fitaovana voalohany hahafahany mampiroborobo ny finiavana: miborosy nify, manasa Tanana, mijoro mahitsy tsara, matory amin'ny ora voatondro, tsy misakafo be loatra, ary indrindra, mifady ny zava-pisotra misy alikaola, ny zava-mahadomelina ary ny paraky izay manafoana ny finiavana ananantsika.

Ny fampivelarana ny finiavana dia avy amin'ny fananana vina mazava momba ny fiainana sy ny safidy. Mila manao safidy izany, ary mandamina ny fiainantsika mifanaraka amin'ireo safidy ireo. Nisafidy ny ho mpanao fanatanjahan-tena ianao: fantatrao izany fa tsy maintsy mifikitra amin'ny fanajana ireo fitsipika mifehy ny tanjona napetrakao ianao. Te hanala bakalorea ianao, dia tsy tokony hisy hanelingelina anao amin'izany tanjonao izany. Tsy azonao atao ny ho varimbariana tahaka ilay bitro tao amin'ny angano, ho tonga alohanao ny sokatra satria tsy nanana tanjona afa-tsy tokana izy ary nitozo tamin'izany.

Nanome fomba fiteny telo, foto-kevitra telo ny filozofa anglisy iray, William James mba hampivelarana ny finiavana:

**1. Mandrosoa ho amin'ny lalina miaraka amin'ny fanapahan-kevitra tsy azo hozongozonina.** Izany hoe, raha atao amin'ny teny hafa, mandraisa fanapahan-kevitra kely maromaro dia tanteraho izany. Ohatra: nanapa-kevitra ny hamaky andininy iray ao amin'ny baiboly isan'andro aho, na mifoha amin'ny ora iray mahazatra, na reraka na tsia, tsy hifoka sigara intsony, sns.. Ny mpanao fanatanjahan-tena iray izay tsy manaja ny lalàna ara-tsakafo napetrany dia tsy afaka manantena ny handresy amin'ny hazakazaka atao. Hoy ny apostoly Paoly: "*Tsy fantatrao fa izay mihazakazaka eo amin'ny tany fihazakazahana dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba hahazo ianareo. Ary ny mpihazakazaka rehetra dia mahonon-tena amin'ny zavatra rehetra; kanefa ireny dia mitady satroboninahitra mety ho lo ihany, fa isika kosa ny tsy mety ho lo. Raha izaho ary dia mihazakazaka nefa tsy toy ny*

*manao kitoatoa; ary mamely totohondry aho, nefa tsy toy ny mamely rivotra; fa asiako mafy ny tenako ho mangana ka handevoziko, fandrao, na dia efa nitory tamin'ny sasany aza aho, dia holavina kosa ny tenako.* (**1 Korintiana 9:24-27**). Azonao atao ny manomboka amin'ny zavatra kely. Mifidiana mba tsy hanao zavatra izay fantatrao fa ratsy amin'ny tenanao. Raha ohatra ianao ka ao anaty fikambanana na vondrona iray dia aoka ho tonga ara-potoana foana. Manapaha hevitra ho tonga ara-potoana.

**2. Aza mahatsiaro mijaly raha misy maningana kely.** Misy olona sasany manapa-kevitra hanahia tena. Manao fomba fisakafo tena hentitra be izy ireo. Nefa manoloana mofo miendy dia milofika izy ireo…dia manajanona izany. Raha tsapanao fa tsy ho vitanao ny hihazona ny fanapahan-kevitrao, dia fero ao anatin'ny fotoana aloha izany. Amin'ity volana ity aho dia hifoha isaky ny enina maraina isan'andro! Hirehareha amin'ny fahombiazanao ianao ary hanohy iray volana fanampiny.

**3. Ampanaovy fanazaran-tena tsotra izao fotsiny ny tenanao amin'ny famerana azy tsy hanao ny zavatra tiany.** Tena te hihinana mafy io mofo mamy io aho, nefa manapa-kevitra ny tsy hihinana. Naharay taratasy aho. Te hanokatra azy aho, fa aleo andrasako rahampitso. Nisy niteny hoe:" mahatohitra ny zavatra rehetra aho, afa-tsy ny fakampanahy". Aoka re mba hahatohitra noho ny fitiavana hahazo fandresena.

Ampiako anankiray ireo fomba fitenin'I William James ireo:

**4. Hiaina isan'andro ny maha kristianina anareo.** Noho izany dia milazà mandrakariva ny marina, aoka ho mahatoky amin'ny zavatra rehetra, manaovà asa soa amin'olona indray isan'andro, aoka hangataka famelan-keloka amin'ny fahadisoana nataonao.

Araka ny hitanao dia miankina amin'ny safidy manan-danja ny fiainana. Mba hahafahana miaina ao anatin'ny fivelarana dia tena ilaina ny mijoro tsy azo hozongozo-

nina amin'ny safidin'ny tena. Raha natao batisa teo anatrehan'ny olona rehetra aho, dia tsy maintsy mihazona izany fanekeko izany. Raha mpiasa aho na mpampiasa dia tsy maintsy ho mendrika indrindra. Mikendry ny tonga lafatra mandrakariva aho amin'izay hataoko mba hahazoako fifaliana be amin'izany.

Fampiasana fampiharana :

*1. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia manapa-kevitra aho ny ….. ary tsy hiova amin'izany.*

*2. Mivavaka amin'Andriamanitra aho mba hanome hery ahy hialako tanteraka amin'ny ……*



# Ny **ANTITRA**



**"Mitsangàna raha eo anatrehan'ny fotsy volo ianao, ka manajà ny tavan'ny anti-panahy, ary matahorà an'Andriamanitrao: Izaho no Jehovah.**

**Levitikosy 19.32**

Matetika no adino ny be antitra mandritra ny herinandron'ny fiainam-piananankaviana. Ny fitaizana ny ankizy sy ny fahombiazan'ny mpivady no tena mampiasa saina. Nefa nomen'ny Baiboly andraikitra fototra ny be antitra ka tena natao ao anatin'ny didy folo mihitsy, kanefa io didy io ihany no misy teny fikasana mifamatra aminy. "*Manajà ny rainao sy ny reninao, mba ho maro andro ianao ao amin'ny tany izay omen'I Jehovah Andriamanitrao anao.*" (**Eksodosy 20:12**). Miantefa any amin'ny tanora sy ny olon-dehibe io didy io. Nahatsapa ny maha zava-dehibe ny rohy mampifandray ny tanora sy ny antitra ry zareo tandrefana ka nametraka tao amin'ny tetiandrony ny fetin'ny reny, ny fetin'ny ray, ny fetin'ny renibe ary ny fetin'ny raibe. Azo antoka fa misy tombontsoa ara-barotra ao ambadik'izany. Kanefa na ahitana tombontsoa na tsia, dia voatsiahy ao amin'ny fitadidian'ny ankizy ireo ray aman-dreny sy ny raibe sy ny renibe.

## ...Ny olana ateraky ny fahanterana...

Rehefa nahazo taona i Solomona dia nanoritsoritra tamin'ny fomba kanto ny toetoetry ny antitra. (Mpitory teny 12:4-7). Mihena ny fahitana (tsy hita mamiratra intsony ny masoandro sy ny volana ary ny kintana), tsy ampy ny hery (tsy afaka mitoto voan-javatra intsony ny vehivavy), lasa any ivelany ny hidin'ny varavarana (miha miroraka ny tetamaso), miha tsy re ny hiran'ny tovovavy (miha midina ny fandrenesana), miarina miaraka amin'ny hiran'ny voronkely (fohy kely ny alina), mampiferinaina ny toerana avo (sarotra ny miakatra zanatohatra), tsy maharo tena (be zavatra mampatahotra eny andalana) ary tsy misy fiantraikany intsony ny voam-boninkazo (mihena ny fitiavana zavatra tsara).

Famantarana ny fiaraha-monina iray mitotongana na faran'izay ratsy toetra ny tsy fanajana ny olona antitra: "...*Tsy mba namindranao fo izy, fa na dia ny antitra aza dia nasianao zioga mavesatra dia mavesatra.*" **Isaia 47:6**. Raha napetraky ny Baiboly tamin'ny zanany ny fikarakarana ireo be antitra, dia tsy azo lazaina ho manana zanaka afaka mikarakara azy daholo izy ireo. Maro amin'ireo be antitra no efa maty zanaka na maty vady. Tsy misy olona ifaharana izy ireo. Noho ny fahasarotan'ny fiainana dia voatery nandeha lavitra na nifindra any amin'ny firenena hafa ny zanaka sasany. Noho izany dia andraikitry ny fiaraha-monina ny mikarakara azy ireo, torak'izany koa ny fiangonana izay manana teny baiko hoe fitiavana ny rahalahy.

Miteraka famindram-po sy fitserana (izay midika hoe: miara ory amin'ny hafa), fahatsapana ho ambony, izay singa tena ilaina amin'ny fifandraisana amin'ny olombelona, amin'ny fotoana rehetra eo amin'ny fiainana, ny fanajana ny be antitra. Ny fanajana ny maha olombelona dia mahafaoka ny fiheverana ny fetra ananany. Ny fitakiana zavatra be

loatra dia mahatonga ny mpiarabelona ho andevon'ilay miandry zavatra mihoatra noho izay azony atao. Nefa ny tsirairay avy amintsika dia manana ny fahalemeny, tsy fahafahana, ary indraindray dia mahatratra ny fetrany. Misandrahaka any amin'ny fiaraha-monina rehetra ny fikarakarana atao amin'ny be antitra satria indray andro any isika dia ho eo amin'ny toeran'ny tsy fahafahamihetsika intsony sy ny fahoriana daholo. Rehefa mamarana ny didiny amin'ny teny hoe "Izaho no Jehovah" Andriamanitra, dia mampahalala antsika iIzy fa ny tsy fanajana io didy io dia fanimbazimbana ny maha Izy Azy.

## ... Fananana iray ...

Ny teny frantsay hoe: "patrimoine" dia manondro ny lova noraisina avy amin'ny ray amandreny. Ny be antitra matetika dia mpandova ireo fahendrena efa ela be nampitaina tamin'ny alalan'ny fanaon-drazana. Miova haingana be ny fiaraha-monina misy antsika. Jokoin'ny zava-baovao tsy hita isa izy. Kanefa mila marika ifaharana izy. Na dia tsy voatery hahery vaika aza ny toroheviny dia mendrika ny henoina ihany ny be antitra. Misy harena ao anatin'ny fanandramana niainana, dia ny fahadisoana sy ny fahombiazana. Ny be antitra no mpitahiry ireo zavatra iraisana tokony ho tadidiana. Afaka mitantara tantara efa tany aloha be tany izy ireo, mampahafantatra antsika ny fototra niavian'ny maha isika antsika. Mendrika omena fotoana hitenenana izy ireo. Misy mpahay lalàna tamin'ny taonjato faharoa, mitondra ny anarana hoe Ben Sira, nanoratra tamin'ny mpianany hoe: "*aza manevateva ny kabarin'ireo be antitra, satria izy ireo koa dia mba nianatra tao amin'ny sekolin'ny ray aman-dreniny; avy amin'izy ireo no hianaranao ny fahamailoana sy fomba famaliana amin'ny fotoana mety indrindra*" ary hoy Joba: "*ao amin'ny be antitra no misy fahendrena ary ny faha ela velona no ahazoam-pahalalana*" **Joba 12:12.**

# ... Ny ho avy ...

Tsy maintsy miatrika fahafatesana avokoa isika rehetra. Ny be antitra nefa no tena manana fotoana fanararaotra hieritreretana izany satria fantany fa kely sisa ny androny. Fantany fa hihaona amin' Andriamanitra sy hiatrika ny fitsarany izy. Tsy nisy nanana fiainana tonga lafatra afa-tsy Jesosy. Eny, azo antoka fa manome ny famelankeloka antsika Andriamanitra, kanefa indraindray isika dia tsy mamela ny helotsika. Te hino ny fahasoavan'Andriamanitra isika, nefa misy fisalasalana mitoetra mafy ao am-pontsika.

"*Aza mamely mafy loatra ny anti-panahy fa anaro toy ny ray izy.*" Hoy ny apostoly Paoly tamin'I Timoty (**1 Timoty 5: 1**).Mila fampifaliana sy fampaherezana manokana ny be antitra. Tsy ampy ny teny mahafinaritra fotsiny mba hahatonga ny olona iray hahatsapa fa tiana. Mila fijerena manokana izy, mila olona eo foana, mila fanampiana.

Tsy misy zavatra mampahery noho ny hafa-panantenana hoentin'ny tanora, hira fantatra hiraina am-pinona sy am-pahatokiana, fanohanana amin'ny fotoana mety indrindra. Ny hira no nitarika ny dian'ny fiangonana ka nahakasika lalina ny fo maro izany. Milaza ireo teny tsy sahintsika hambara na tsy haintsika ambara ireo hira ireo. Rehefa zaraina amin'ny hafa izany dia mampientana ny fo.

Mampatsiahy antsika ny Baiboly fa tia antsika Andriamanitra na inona na inona ny lasantsika. Nilofika I Mosesy, nanota Davida, nandà I petera, nanenjika I Paoly. Mety hisy tasy ny fiainantsika. " *fa na dia tsy matoky Azy aza isika, dia mbola mahatoky ihany Izy, fa tsy mahazo mandà ny tenany.*" **2 Timoty 2: 13**. Ary Jaona, ao amin'ny epistily voalohany nosoratany dia nilaza zavatra mitovy amin'izany: "*Raha miaiky ny fahotantsika isika dia matoky sy marina izy ka mamela ny fahadisoantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra.*" **1 Jaona 9:1**.

Hariva no niseho ny tantara, amin'ny andro ririnina. Nivory mba hisakafo ny fianankaviana. Mipetraka ery amin'ny faran'ny sisiny amin'ny latabatra I dadabe, somary mihataka kely. Mangovitra ny tanany ka mandraraka ny lasopiny foana izy isaky ny mihinana. Nanamboarana lovia vita amin'ny hazo izy satria hatahorana ny ho latsaka amin'ny tany izany ka ho vaky. Rehefa avy nisakafo, dia tsikaritr'ilay raimpianankaviana ny zanany lahy mipetraka eo akaikin'ny afo. Mitazona hazo sy antsy eny an-tanany izy. "Inona no ataonao, hoy ny dadany taminy. Dia namaly ilay zanany lahy hoe: "oh, manandrana manamboatra vilia ho anao aho rehefa antitra ianao!"


Ny fifandraisantsika amin'ny be antitra dia modely ho an'ny zanatsika. "*Araka ny ohatra asehonareo no hanoharana anareo*" hoy Jesosy (**Matio 7:2**). Ny fitondrantenan'ny olon-dehibe manoloana ny be antitra dia maneho amin'ny ankizy ny fomba fitondrana tokony hatao amin'ny ray aman-dreniny.

**Fisaintsainana**

1. *Inona no toerana omen'ny fiangonana ny be antitra?*

2. *Nahoana no tsy homentsika toe-javatra fanararaotra hizarana ny fanandramany ireo be antitra?*

3. *Inona no azontsika atao ho an'ireo be antitra mitoka-tena?*



# Fo **MIHAINO**

”**Tao Gibeona no nisehoan'I Jehovah tamin'I Solomona tamin'ny nofy nony alina; ary hoy Andriamanitra: Angataho izay tianao homeko anao (…). Dia hoy Solomona: koa omeo ahy mpanomponao saina malady hoentiko mitsara ny olonao, hahaizako manavaka ny soa sy ny ratsy; fa iza moa no mahay mitsara izao olonao betsaka izao?**

**1 Mpanjaka 3.5-9**

Iza no tsy naniry ny haheno an' Andriamanitra mametraka ireo fanontaniana tahaka ny tamin'i Solomona: "Angataho izay tianao fa homeko anao," Malaza ho hendry i Solomona. Eny tokoa tsy nangataka harena izy fa fahendrena. Mbola mazava kokoa ny lahatsoratra niaingana: fo mahay mihaino, fo liana.

Ny fitsarana voalohany teo amin'ny fanjakany dia vavolombelon'ny fahaizany mandinika: hita fa afaka mihaino ny fo ny tena reny marin'ilay zaza izay niadivan'ireompivaro-tenaroa.Nahay nihaino ny fitempon'ny fo tao ambadikynytenyizy.(**2Mpanjaka3:16-28**).

Tsiambaratelon'ny fahendrena rehetra ny fahaizana mihaino. Mifanohitra amin'izany indray, dia ivon'ny olan'ny olombelona rehetra ny tsy fahaizana mandre ny hafa.

## ... Mihaino an'Andriamanitra ...

*« Jehovah Tompo nanome Ahy ny lelan'ny efa mahay, mba hahaizako manao teny hampahatanjaka izay reraka; ampandrenesiny isa-maraina isa-maraina, eny ampandrenesiny ny sofiko hihaino tahaka ny efa mahay »* (**Isaia 50.4**).

Ny Andriamanitry ny Baiboly dia Andriamanitra miteny. Hatramin'ny voalohany dia niteny Andriamanitra dia nisy ireo singa mamorona izao tontolo izao. Tsy misy mahatohitra azy afa-tsy ny olombelona. Nihamafy ny fon'ny olona ka lasa azo ampitahaina amin'ny vato. Mandre izy fa tsy mihaino. Mangataka amin'Andriamanitra isa-maraina ny mpaminany Isaia mba ho afaka hihaino, tsy amin'ny fahavarivariananana nefa, fa tahaka ny mpianatra, mangetaheta ny hianatra amin'ny Tompony. Ary izay averin'Andriamanitra tsy mijanona amin'ny olombelona izay te hihaino azy, dia voafehy amin'ireto teny vitsivitsy ireto: *"Tiava an'I Jehovah Andriamanitrao sy ny namanao tahaka ny tenanao."* Ny fomba voalohany hitiavana dia ny fihainoana, fandrenesana izay ao ambadiky ny teny, ny mahatsapa izay tsy nolazaina, ary mahazo na dia ny fahanginan'ny hafa aza. Tia, tahaka ny hitiavan'Andriamanitra antsika sy hihainoany antsika. Tsy mihanina amin'ny fitenenana fotsiny izy, fa mihaino antsika koa. Raha tsy nihaino antsika Andriamanitra, dia tsy ho nisy dikany ny hivavahantsika aminy.

## ... Mihaino ny ankilany...

*« Dia niteny tamin'i Efrona, teo anatrehan'ny tompon-tany Abrahama ka nanao hoe: kanefa raha hihaino ahy ihany ianao, dia homeko ny vidin'ny saha; raiso amiko izany, dia havelako ao ny fatin'ny vadiko. Ary Efrona dia namely an'I Abrahama ka nanao taminy hoe: Tompokolahy, mihainoa ahy: tany tokony ho lafo sekely volafotsy efa-jato, inona moa izany amintsika roalahy? Fa aleveno ny fatin'ny vadinao. Dia*

*neken'I Abrahama ny tenin'i Efrona, ka nolanjainy ho azy ny vola izay efa voalazany teo anatrehan'ny taranak'I Heta, dia sekely volafotsy efa-jato lanin'ny mpivarotra.»* (**Genesisy 23.12-16**).

Maty i Saraha. Tsy nanana tany handevenana I Abrahama. Ny zanaky ny Hetita dia nanome azy maimaim-poana tamin'ny hatsaram-panahy ny iray amin'ny fasany. Nanoso-kevitra tamin'ny iray tamin'izy ireo Abrahama nefa mba hividy tany aminy. Te hivarotra tokoa I Efrona nefa tsy te hiseho ho tia vola eo imason'ny olona. Nomeny maimaim-poana an'I Abrahama noho izany ilay saha no sady notondroiny tsara ny vidiny. Azon'I Abrahama tsara ny tian'i Efrona atao ary noraisiny ny andraikitra handoa ilay vidiny mba tsy hahafa-baraka an'i Efrona.

Io tantara io dia ohatra amin'ny fomba fanongilanana ny sofina hihaino ny hafa. Misy zavatra izay tsy afaka lazaina. Mila mifantoka tsara fotsiny isika mba hahafahantsika mijery ireo zavatra tiana hambara ao ambadiky ny teny. Mahamenatra ny mitaraina, fa mampahery kosa izany hoe misy mahazo izany ny resaka. Manahirana ny matahotra, fa mamparisika ny nampiana. Manala baraka ny tsy mahomby, fa mahafaly ny homena tombambidy. Mampihen-danja ny hoe diso, fa mampientanentana ny voavela heloka. Izaho no mila mahatsapa ny toeran'ny ankilany, mihaino izay tsy azony lazaina, ary mamaly na dia mbola tsy niteny aza izy.

## ... Mihaino ny vadiko...

Mifampiresaka be ny mpivady nefa matetika tsy mifampihaino. Ary satria tsy mifampihaino izy ireo, dia mihamampiaka-peo hatrany, dia lasa mivazavaza, na koa te hampita ny hafatra amin'ny fikasihan-tanana. Fiferotan'aina manao ahoana re ny ao an-tokantrano satria ny ankilany dia mandre tsara fa tsy mihaino, tsy mahazo ny fahoriana misy ao ambadiky ny teny. Mila manana fotoana hihainoana

mavitrika isika ao an-trano ao.

Izany fihainona mavitrika izany dia mitaky ny fampiatoana ny zavatra atao, mametraka izay zavatra eny an-tanana, mba hijery ny ankilany ao anaty masony sy hilaza hoe: "Anao aho, vonona ny hihainp izay tianao ambara amiko. Te hahazo tsara izay zavatra ezahinao hampitaina amin'ny alalan'ny teninao sy ny fihetsikao aho.". Mitaky fanokanana fotoana koa ny fihainoana mavitrika. Tsy mandre tsara isika rehefa avy ao an-damosina no hitenenana amintsika. Mila mifampijery tsara mba hahafahana miresaka tsara.

## ... Mihaino ny zanako...

Tia miresaka amin'ny ray aman-dreniny ny ankizy. Nefa tsy manam-potoana hihainoana azy ireo foana ny ray aman-dreny, na hahazoana izay ao ambadiky ny teny. "Marary ny kiboko, marary aho", dia mety midika hoe: "misy fanadinana any am-pianarana ary tsy vonona ho amin'izany aho." "Tsy tiako ny any am-pianarana" dia mety hidika hoe "hadroadroin'ireo ankizilahy aho any am-pianarana, tsy mety tafiditra ao mihitsy aho." Mba hihainoana ny zanaka dia aoka hahato ny fihazakazahana, makà fotoana hipetrahana eo akaikiny, dia maneho fahalianana aminy mba hanokafany ny fony am-pahatokiana. Ary indrindra tsy miteny hoe: tsy maninona izany, mandalo ihany izany." Mila mahazo antoka ny fitiavan'ny ray aman-dreniny azy ny ankizy.

## ... Miresaka amin'ny ankizy ...

Mitaraina indraindray ny ray aman-dreny fa tsy mihaino azy ny zanany. Mieritreritra izy ireo fa ny miteny mafy na mivazavaza no hahatonga azy ireo hankato. Fantany hoe ny fankatoavana no fepetran'ny fiainana lafatra. Ohatra anankiray Jesosy: (**Hebreo 5:8,9; 10:5-9**)

Ahoana no fomba atao mba hisy hihaino?

**1. Manaova ohatra;**

**2. Manetry tena ary maka ny toeran'ny ankizy sady mijery azy ao anaty masony rehefa miteny;**

**3. Manana foto-kevitra ijoroana ary mihazona izany.** Tsy manao fandikana miverimberina foana;

**4. Tsy mihanina amin'ny baiko sy ny fanamarihana fotsiny,** fa manokana fotoana hiresahana izay atao hoe tsara sy izay mampalahelo eo amin'ny fiton-dran-tenany.

**5. Raha ohatra ianareo ka manisy sazy miaraka amin'ny baiko** (ohatra: raha tsy manao enti-mody ianao, dia tsy hahazo kilalao) dia ampiharo izay lazainareo.

**<u>Fampiharana</u>**

*1. Mangalà taratasy dia soraty ao ny zavatra folo izay ankasitrahanao amin'ny vadinao, dia zavatra telo mba irinareo hanaovany ezaka na fiovana avy aminy. Dia avy eo ampifanakalozy amin'ny an'ny vadinao dia resaho.*

*2. Mandaminà fotoana miaraka amin'ny zanakao. Miteny zavatra tsara rehetra izay hitany amin'ny ankizy tsirairay I dada sy neny. Milazà zavatra tsara dimy farafahakeliny ho an'ny tsirairay amin'ny fomba mivantana sy mazava. Dia avy eo dia hangataho ny zanakao hilaza izay tiany amin'ny ray aman-dreniny sy izay tsy tiany. Miomàna hahita zava-baovao.*

# Hitsangana indray **HIANAREO!**

Nosoratani GEOFFREY MBWANA



## TOKO SY ANDININY

*Jaona 16:33*
*Matio 20: 19*
*1 Korintiana 15: 22*
*2 Korintiana 4: 8-10; 16-18*
*Lioka 12:8*
*Genesisy 37-41*

Ity valan'aretina nentin'ny tsimok'aretina Covid-19 ity dia nanakorontana ny fiainantsika tamin'ny fomba izay tsy noeritreretintsika mihitsy. Nitondra fahoriana mafy ho an'olona maro ny vokatr'io aretina io, tsy noho ilay aretina ihany anefa, fa satria olona maro- ny ankamaroany dia mambra ny fianankaviantsika- no maty. Nitondra fahoriana sy alahelo lehibe io tsimok'aretina io.Mbola tsy sitrana ny ferintsika ary mbola mitondra ny holatra vokatr'ity aretina ity. Voasedra mafy ny fitozoantsika; nandalo sedra ihany koa ny fifandraisantsika ara-pianankaviana. Mbola mitomany isika: iza re no hahasitrana ny ratra-pontsika e?

Amin'ny vanim-potoana tahaka izao, dia azontsika atao ny

manopy maso ny lasa ary mahita fampianarana momba ny fomba farak'izay mety hamakivakiana ny zava-misy ankehitriny. Roa arivo taona lasa izay dia nanome fampitandremana ny mpianany I Jesosy: "*ety amin'izao tontolo izao no hahitanareo fahoriana, nefa matokia, Izaho efa naharesy izao tontolo izao.*" **Jaona 16: 33.** Na dia mafy aza ny fitsapana nolalovana tamin'ity areti-mandringana COVID-19 ity dia mbola afaka mahazo fampaherezana ao amin'ny tenin'Andriamanitra isika. Tsy nihanina tamin'ny fampitandremana antsika fa handalo fotoan-tsarotra ety an-tany fotsiny Izy; Mampahery antsika koa Izy mba hibanjina ny fandreseny. Satria nandresy Izy, dia azontsika atao koa ny mandresy amin'ny alalan'ny herin'ny anarany, raha tiantsika izany.

Rehefa akaiky handalo zava-tsarotra indrindra manodidina ny fahafatesan'I Jesosy ny mpianatr'I Jesosy dia nampahery azy Izy fa "*hitsangana amin'ny maty amin'ny andro fahatelo*" (**Matio 20:19**). Vaovao mamy mangidy, izay tsy ho nety azon'ny mpianatra sy neken'ny sainy izany, mandrapahitany ny Tompony voahombo. Nianjady tamin'izy ireo ny tafiotry ny tsy finoana sy ny fisalasalana: Izy marina ve no ilay Mesia? Avy eo, ny marainan'ny andro fahatelo, araka izay nolazainy tamin'izy ireo, dia nitsangana tamin'ny maty Izy.

Izao no filazan'I Ellen White an'izany: "Niala avy ao am-pasana izy ary nitsangana, nandresy ny fahafatesana sy ny fasana. Tanteraka io fandresena miezinezina io ao amin'I Jesosy; nefa tsy voafetra ho Azy irery ihany izany. Mamerina io hafatra io ny apostoly Paoly mba hanomezana toky ny olombelona rehetra ankehitriny: "*Tahaka ny nahafatesan'ny olona rehetra tao amin'I Adama no hahaveloman'izy rehetra ao amin'I Kristy koa.*" (**1 Korintiana 15:22**). Eny tokoa, mbola hitsangana indray isika! Toky tsara loatra! Mbola hiverina miaina indray isika rehefa avy nasian'ilay fahavalon'ny fiainana mafy: ny fahafatesana! Na dia mialohan'ny hahafatesana aza, dia hisedra toe-javatra maro eo amin'ny

fiainana izay hamotika antsika isika. Jesosy, izay niaina ny maha olombelona tamin'izy niara-niaina tamintsika, dia manampy antsika matetika mba hitraka am-pandresena, amin'ny fandeferana, rehefa mihatra amintsika ny atambon'ny fiainana.

Ny fingotra dia manana toetra maha te hidera, rehefa ampiasaina amin'ny fiainana andavanandro. Raha aforitra izy, na tsindrina, na henjanina, na atao mitsambikina, dia miverina amin'ny endriny na ny toerany teo aloha foana izy. Ireo toetra tsara ireo (ny fihenjanany sy ny fiforetany…) dia mahatonga azy ho faran'izay ilaina indrindra eo amin'ny toe-javatra sy ny zava-misy samihafa noho izay fahaizany mifandrindra amin'ny toe-javatra izay. Ny fahaizana mandefitra, tahaka ny fingotra, dia tena zava-dehibe eo amin'ny fiainana.

Rehefa midona ny fitsapana, dia mahatsapa fanaintainana isika, mitomany isika ary malahelo. Mitady lalan-kivoahana isika, sy fanasitranana ary fanantenana. Voasitosintona toy ny fingotra isika mandritra izany. Ary rehefa misinda izany, dia angamba isika mijanona eo amin'ny vokatr'ilay loza. Mety haharitra fotoana fohy izany ho an'ny olona sasany, ary lavalava kokoa ho an'ny hafa; ny sasany aza dia tsy tafavoaka mihitsy. Ahoana fomba hiatrehantsika ireo famelezana mafy ataon'ny fiainana izay tsy maintsy sedraintsika eto amin'ity izao tontolo izao ity? Ny vaovao mahafaly dia izao: Ilay nandresy no manana tari-dalana sy torohevitra maro homena antsika; torohevitra izay voasedran'ny afo, ary azo antoka fa azo ianteherana. Manana ohatra azo tsapaintanana izay voasoaratra ho fianarana ho antsika. Raha manokana fotoana hihainoana sy hamakiana ireo torohevitra ireo isika, dia handeha mankany amin'ny fandresena koa isika.

Nanoritra ny fahaizana miarina, tamin'ny alalan'ity torohevitra ity, ny apostoly Paoly, raha nanoratra ho an'ny korinitianina: "*Voageja manodidina izahay nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo;*

*enjehina, nefa tsy nafoy, pokatra, nefa tsy maty; mitondra ny fahafatesan'i Jesosy mandrakariva ao amin'ny tena izahay, mba haseho ao amin'ny nofonay mety maty koa ny fiainan'i Jesosy*. (**2 Korintiana 4:8-10**)

Tahaka ny mozika malefaka ao an-tsofina, dia azontsika atao ny mifidy hihaino ilay feo faran'izay malefaka avy amin'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay miteny hoe: "Mbola hiarina indray hianareo," ao anatin'ny fijaliantsika. Afaka ny miarina foana isika aorian'ireo toejavatra rehetra izay mamotika antsika; farafaharatsiny azo antoka ny eo amin'ny lafiny ara-batana, ny lafiny ara-panahy. Rehefa mitranga matetika izany, dia miteraka fahazarana ary manorina ny toetra. Noforonina araka ny endrik'Andriamanitra hatrany am-piandohana isika. Ndao handinika ohatra izay maneho ny fiarenana eo amin'ny fiainana kristiana.

## ...NY FAHAIZA-MIATRIK'I JOSEFA TAMIN'NY FAHATANORANY...

Nanofy nofy mampivarahontsana i Josefa, ilay zanakalahy tian'i Jakoba indrindra, tamin'ny faha 17 taonany, ary azo antoka fa tsy fantany akory fa avy amin'Andriamanitra Mpamorona izany. Nahita salohim-bary izay nifatotra izy tao amin'io nofy io: "*Indro, niarina ny amboarako sady nijoro; ary indreo, nilahatra manodidina kosa ny amboaranareo ka niankohoka teo anatrehan'ny amboarako.*" **Genesisy 37:7**. Rehefa nitady fanampiana mba hahazoana ny hevitry ny nofy Josefa, dia zavatra hafa no nahazoan'ny rahalahiny azy, izay nandika ny nofiny hoe (zava-doza) ilay rahalahiny zandriny eo amin'ny fianankaviana indray no hanapaka eo amin'izy ireo. Ny tao an-tsainy tamin'izay dia lasa fihomehezan'ireo rahalahiny ilay nofy tsara be. Ny fitantarana ny nofy iray izay mitovy amin'ilay

voalohany ihany, "*ny masoandro, ny volana, ary ny kintana dia niankohoka teo anatrehako*" dia vao maika nanamafy ny fialonana sy ny fankahalana izay efa nisy sahady tao am-pon'izy ireo noho ny fitondrana mitanila izay hataon'ny rainy ho azy. Na dia nahagaga an'i Jakoba aza ny nandre ireo fitantarana ireo, dia nitahiry izany zavatra izany tao am-pony izy. Ny fiezahana hitantara fanindroany ny nofiny angamba dia marika naneho ny fahatsoran'i Josefa, na koa ny herim-pony, ny fahasahiany ary ny fitiavany hahalala zavatra.

Ny zavatra mafy indrindra nanjo an'i Josefa dia fony izy nirahin'ny rainy hamangy ireo rahalahiny, izay efa tao anatin'ny fankahalana faratampony, ka nihoko hamono azy. Ny zokiny lahimatoa, Robena, dia niditra an-tsehatra, mba hiaro ny ainy. Ny fotoana nangidy indrindra nisarahany tamin'ny fomba henjana indrindra tamin'ireo tiany dia tonga tamin'ny fotoana izay nanipazan'izy ireo azy tao anaty lavaka fatsakana, sy ny nivarotan'izy ireo azy ho andevo tamin'ny mpivarotra Ismaelita. Nandainga tamin'ny rainy ireo rahalahiny raha nilaza taminy fa biby masiaka no namono an'i Josefa. Raha manontany ianareo hoe ahoana no fomba niatrehan'i Josefa ireo fitsapana mivaivay maro izay niaretany tamin'io fotoana teo amin'ny fiainany io, dia homeko anareo ity fanazavana ity: nifidy ny hifandray tamin'Andriamanitra izy.

## MIFANDRAY AMIN' ANDRIAMANITRA AMIN'NY FAMETRAHANA FITOKISANA AMINY

Lasa andevo tany Egypta, tao an-tranon'i Potifara, kapitenin'ny mpiambina an'i Farao, i Josefa. Ilay zanaka lahy tena tian-drainy dia lasa andevo any amin'ny firenena hafa ankehitriny, ary tsy misy fanantenana intsony hahita indray ny fianankaviany. Rehefa tsy nanana olona hiantorahana Josefa dia nifidy ny hatoky an'Andriamanitra ary tapa-kevitra ny hijoro ho mahatoky Aminy. Nanapakevitra izy, fa na inona na inona no

hampanaovina azy, dia hataony ho toy ny an'i Tompo izany. Nanompo tamin'ny fomba faran'izay tsara sy tam-pahatokiana izy, ka nitoky tamin'Andriamanitra. Tsy te handiso fanantenana an'Andriamanitra izy.

Rehefa niezaka nitarika azy hanota ny vadin'i Potifara, dia namaly hoe izy: "*ataoko ahoana ny fanao izany ratsy lehibe izany ka hanotako eo anatrehan'Andriamanitra?* (**Genesisy 39:9**). Satria tsy nandao an'Andriamanitra mihitsy Josefa dia tsy nandao azy koa Andriamanitra. Izao no vokany: "*ary Jehovah nomba an'I Josefa dia lehilahy nambinina izy.*" (**andininy faha 2**). Na dia notsinotsiniavin'ireo rahalahiny, iray ra taminy aza izy, sady voatery niharan'ny fisarahana maharitra tamin'ny fianankaviany dia nifikitra mafy tamin'Andriamanitra izy. Ao no hitoeran'ny fahaiza-miatrika tena izy sy maharitra. Ny fahatokiana an'Andriamanitra amin'ny fo rehetra dia hanampy n'iza n'iza hiarina. Hita fa nisondrotra amboninahitra tokoa Josefa sady nitombo harena tao amin'io Tompony eto an-tany io izay tao amin'ny fanjakana matanjaka indrindra teto an-tany. Nahomby Josefa satria nifandray tamin'i Jesosy Kristy, mpanjakan'izao rehetra izao izy sady nahatoky Azy.

## MIFANDRAY AMIN'NY ALALAN'NY FAHATSARANA SY NY FAHATOKIANA TANTERAKA

Vao nanomboka nihanoka ny tombontsoa noraisiny i Josefa, dia nisy fahavoazana mafy indray nihatra taminy. Ilay ramatoa tao an-trano izay nitarika azy hanota dia nivadika taminy ka nanendrikendrika azy ho saika hanolana. Romotra ny vadiny, ilay kapiteny, dia nandefa an'I Josefa tany am-ponja. Niala tamin'ny asa maha- mpitantana ny fananan'i Potifara azy Josefa, toerana izay nitahian'Andriamanitra azy, mba ho any amin'ny fonja egyptianina. Azontsika Alaina sary an-tsaina hoe faran'izay loza tahaka ny inona izany ho an'I Josefa. Efa tena sarotra ny

nisaraka tamin'ny fianankaviany noho ny asa ratsy nataon'ireo rahalahiny; efa tena mafy izany hoe lavitry ny tanindrazana izany ka lasa andevo; ary ankehitriny, higadra ao amin'ny fonja egyptianina noho ny endrikendrika, tena tsy zaka e! Azontsika tsara ny hoe latsaka lalina tao amin'ny fahadisoam-panantenana izy noho io trangan-javatra vaovao io. Tsy hoe tao amin'ny lavaka lalin'ny fonja fotsiny izy, fa tao an-davaky ny fahadisoam-panantenana sy ny fahakiviana koa. Io ve no fahavoazana farany izay haha lao tanteraka an'I Josefa? Tsia! Tsy ho an'ny olona tahaka an'I Josefa! Nifidy lalana hafa izy.

Tsy nimenomenona noho ny figadrany Josefa. Tsy nilaza tamintsika ny tantara hoe nanaraka fomba maromaro ara-dalana izy mba hiarovany ny fahamarinany. Na dia tao anatin'ny toe-javatra tsy rariny nisy azy aza i Josefa, dia tsy navelany hampidina azy any amin'ny fahadisoam-panantenana lalina ny toe-javatra ivelany izay tsy misy azony hatao. Na dia tao amin'ny fiainana mafy amin'ny maha- voafonja azy dia nitohy natoky an'Andriamanitra Josefa ary ninia tao am-pony ho lasa olona faran'izay tsara azony natao. "*Nefa Jehovah nomba an'i Josefa sy namindra fo taminy ka nampahita fitia azy teo imason'ny mpitandrina ny tranomaizina*." (**and 21**). Namiratra tokoa Josefa satria nampihatra ny fahitsiana tahaka izay nahatonga azy tao am-ponja, ary lasa lehiben'ny voafonja sasany. Tsy nila nanara-maso ny asany ny mpiambina ny fonja, satria "*Jehovah nomba an'I Josefa, ary izay nataony dia nambinin'I Jehovah.*" (**and 23**). Tsara mihitsy ny manamarika fa nomen' Andriamanitra hajany ny fahatokian'I Josefa azy, sy ny fanapaha-keviny hanao izay mety, na inona na inona ny toe-java-misy. Satria ny manaja an'Andriamanitra sy ny mahatoky Azy no nataon'I Josefa lohalaharana hatrany, dia nasehon'Andriamanitra azy ny fankasitrahany tamin'ny alalan'ny mpiambina ny fonja sy ireo voafonja. Teboka fara-tampony teo amin'ny fiarahan'I Josefa nandeha tamin'Andriamanitra izany.

## ••• MIFANDRAY AMIN'NY OLONA AMIN'NY ALALAN'NY FANOMPOANA FENO FIHEVERANA •••

Raha mbola tao am-ponja i Josefa, dia nalefa tao amin'io fonja nisy an'i Josefa io koa ny mpanompon'i Farao anankiroa, dia ny mpitondra kapoaky ny mpanjaka sy ny mpanao mofony, noho ny fitondran-tena ratsy nataon'izy ireo taminy, ary napetraka ho andraikitr'i Josefa izy ireo. Fotoana fohy taorian'ny nidiran'izy ireo tao am-ponja dia nanonofy nampatahotra ireo mpanompo ireo. Tsikariny fa sahirana ireo lehilahy roa ireo, ka nitady izay hanampiana azy ireo izy amin'ny fanomezana ny hevitry ny nofin'izy ireo. Afaka hateloana tokoa, arak'izay nolazain'i Josefa mialoha, dia naverina tamin'ny asany tao an-dapa ilay mpitondra kapoaka, ary notapahan-doha kosa ilay mpanao mofo, araka ny fanazavan'i Josefa ny nofiny. Tsy dia nieritreritra foana momba ny tenany Josefa, ary tsy nilofika noho ny fanendrikendrehana diso natao azy sy ny figadrany; fa tena nihevitra izay nampahazo aina ireo teo ambany fahefany izy, tsy nisalasala izy nampiasa ireo fanomezana izay nomen'Andriamanitra azy mba ho fitahiana ho an'ny hafa. Fitaovana mahery vaika ireo fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra, rehefa ampiasaina amin'ny tsy fitiavan-tena ka hitiavana sy hanompoana ny hafa amin'ny fahatsaram-panahy, ary afaka manarina n'izan'iza hiala tao amin'ny lavaka mangitsokitsoky ny famoizam-po ho any amin'ny fiainana sambatra feno fanompoana ny hafa, na dia ao anatin'ny toe-javatra sarotra aza. Rehefa mahatsiaro voa mafy ianao, dia jereo izay napetrak'Andriamanitra eo am-pelatananao dia mifidiana ny ampiasa izany hanaovana soa ho an'ireo izay ananantsika hery miasa mangina. Tiavo ny olona ary manompoa azy ireo am-panetren-tena.

## ••• EKEO FA MANERANA NY ZAVATRA REHETRA ANDRIAMANITRA REHEFA MIFANDRAY AMINY •••

Tao amin'ny fizotry ny fiainan'i Josefa, niaraka tamin'ny zavatsarotra sy ny fiarenana, dia nisy fotoana nanonofy i Farao. Nahatsiaro an'ilay tanora hebreo naranitsaina, izay nanazava ny hevitry ny nofiny tamin'izy ireo ilay mpanompon'I Farao mpitondra ny kapoakany, ary nitantara ny tantarany tamin'ny mpanjaka. Naniraka haka an'i Josefa ny mpanjaka mba hanampy amin'ny fanazavana ny nofiny. Rehefa nanontany an'i Josefa ny mpanjaka raha mahazo sy mahay manazava nofy tokoa i Josefa, dia tsy natolony ho an'ny tenany ny voninahitra azo tamin'io fanomezana io, fa naveriny tany amin'Ilay Iray izay tokony hahazo izany. Hoy izy tamin'ny mpanjaka: "Tsy izaho fa Andriamanitra no manome vali-teny mahafa-po ho an'I Farao." (Gen 41:16). Notantarain'i Farao ny nofiny, dia nomen'i Josefa azy ny fanazavana izany, nofy izay tsy vitan'ny olon-kendry sy ny mpanao fahatsarana tao Egypta ny nanazava azy. Nanoro hevitra an'i Farao koa Josefa ny amin'ny tokony hatao mba hialana amin'ny fahafatesan' olona maro tao amin'io fanjakana lehibe indrindra teto an-tany io, mandritra ny mosary fito taona manaraka ny fito taona zina. Nisandratra indray Josefa tao amin'io toe-javatra io tamin'ny fanandratana ny anaran'Andriamanitra izay hany tokana afaka hamonjy azy ireo. Izay mihitsy no tokony natao, rehefa tsy nahay nanazava ny nofin'ny mpanjaka ireo olon-kendry sy mpanao fahatsarana tao Egypta. Ny fotoanan'ny famoizam-po no fotoana tsara indrindra hanekena an'Andriamanitra, izay tompon'ny fanantenan'izao tontolo izao.

Toy izao avy hatrany ny valintenin'i Farao: "*hahita lehilahy tahaka io, izay manana ny fanahin'Andriamanitra ao anatiny, va isika?*" (**and 38**). Ny mahagaga dia izy ihany no namely ny fanontaniany tamin'ny filazana hoe: "*tsy misy*

*lehilahy manan-tsaina sady hendry tahaka anao". Koa ianao no hanapaka ny ao an-tranoko, ary araka ny teninao no hitondrana ny oloko rehetra; ny seza fiandrianana ihany no hahalehibe ahy noho ianao." Dia hoy Farao tamin'I Josefa: "indro, efa nanendry anao ho mpanapaka ny tany Egypta rehetra aho."* (**And 39-41**).

Fotoana miezinezina manao ahona ho an'i Josefa re izany! Fisandratam-pahefana mahagaga any amin'ny tany vahiny! Fivadihan-javatra izay tsy noeritreretin'i Josefa hahatongavana mihitsy ho an'ny andevolahy, tanora, hebreo any amin'ny tany vahiny, tsy nisy fanohanan'ny fianankaviany.Manome toky antsika ny soratra masina fa: "*izay manaiky ahy eo anatrehan'ny olona, dia hanaiky azy eo anatrehan'ny anjelin'Andriamanitra koa ny Zanak'olona.*" (**Lioka 12:8**). Tsarovy fa hanampy antsika hiarina amin'ny toe-javatra rehetra izay mety hisy antsika Andriamanitra, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina! Nisandratra I Josefa rehefa nanaiky ny fahatsarana sy ny fahalehibeazan' Andriamanitry ny lanitra teo anatrehan'ny vahoaka izay tsy nahalala Azy.

Tsy misy antony tokony hitarainantsika momba ny fahadisoampanantenana, ny fahoriana, ny fitaintainana ary ny tsy rariny izay manjo antsika. Tsara kokoa ny mifantoka amin'ny fanaovana izay azo atao mba hanafahana ny hafa ao amin'io fitsapana io amin'ny fampiasana ny fahafahana, hay tao, ny fahalalana ary fahaiza-mandalina izay nomen'Andriamanitra antsika. Rehefa manao izany isika dia hiarina miandalana amin'ny toe-javatra ratsy izay hiainantsika mba hapetrak' Andriamanitra eo amin'ny toerana avo izay nofidiany ho antsika. Nametraka ny fitokisany tamin' Andriamanitra i Josefa ary nitohy ho olona tsara indrindra araka izay azo atao izy na dia tao anatin'ny toe-javatra faran'izay ratsy teo amin'ny fiainany aza. Tamin'ny fampiasany ny fanomezana izay natolotr' Andriamanitra ho azy, dia nihevitra bebe kokoa izay mahatsara ny

hafa noho izay mahatsara azy izy. Nitahiry sy nampiasa ny fahafenoana izy tamin'ny fiainany fiainana feno fahitsiana voasedra tao anatin'ny ady sarotra sy ny fanandramana. Tao anatin'izany zava-nitranga rehetra izany, dia nitazona fatratra ny maha tanora hebreo matahotra an' Andriamanitra i Josefa, nitoky Taminy ary niandry Azy mba hamerina imbetsaka tany amin'ny drafitra niandohana. Teo amin'io fiaraha-miasa io dia tsy menatra izy manaiky Andriamanitra tahaka izany, na dia teo anatrehan'ny olon-tsy fantatra aza.

## ••• MIFANDRAISA AMIN'NY FITIAVANA SY NY FAMINDRAM-PO •••

Ny fitsapana lehibe indrindra ho an'i Josefa dia tamin'Andriamanitra nitondra ny rahalahiny hihaona aminy mifanatrika voalohany hatramin'ny andro izay nanoloran'izy ireo azy ho amin'ny fahapotehana. Teo amin'ny faratampon'ny fahombiazany i Josefa tamin'izany. Teo ireo mpampijaly azy, teo anatrehany, na dia tsy nahafantatra azy aza ireo. Lasa zava-misy ary izao ilay nofin'i Josefa. Hijanona eo amin'ny toerana ambony nisy fahamatorana ve Josefa, sa hidina ao an-davaka mangitsokitsoky ny fankahalana sy ny valifaty amin'ireo rahalahiny? Tonga ny fotoana izay hahitana ny fiantraikan'ny ambony sy ambany izay nataon'ny fiainana tamin'ny toetran'i Josefa.

Raha amin'ny maha olombelona, dia io no tena toe-javatra fanararaotra hamaliana faty; nefa Josefa dia nampiseho izay mitranga amin'ny olona izay mifikitra amin'ny Tompo ao anatin'ny fahamboniany sy ny fahambaniany. Amin'ny fandalovana izany fotoana izany no mivoatra ny toetra, manampy antsika hanakaiky an'Andriamanitra izany. Manamboatra sy mampiorina ny toetsika ny fanandramana mangidy.

*« Manana tombambidy noho ny volamena avy any Ofira ny toetra mahitsy. Raha tsy misy an'io dia tsy misy ho tonga amin'ny fihavahana manan-kaja. Nefa tsy lovaina ny*

*toetra; ary tsy vidiana koa. Ny fahiratana ara-moraly sy ny fananana fahaizana ara-tsaina dia tsy vokatry ny kisendrasendra. Raha tsy misy fahalalana dia hijanona tsy hamokatra ny fanomezana manokana. Ny fahazoana toetra tsara iray dia vokatry ny ezaka voatarika tsara sy mitohy: asa mandritry ny fiainana manontolo izany. Manome toe-javatra fanararaotra Andriamanitra: miankina amin'ny fampiasantsika azy ny fahombiazana.»*[2]

Nanaporofo i Josefa hoe tahaka ny inona izy rehefa namadika ilay toe-javatra fanararaotra hamaliana faty ho lasa fotoana famelankeloka, famerenana amin'ny laoniny indray ary fanasitranana. Nanao izay ho nankasitrahan'Andriamanitra ho an'ny tsirairay na ho an'ny fianankaviana tsirairay izay misy fifandraisana mifanenjana izy: fotoana hiraisana sy hilaminana. Rehefa misy zavatra manelingelina ny fianankaviana, dia tsarovy fa afaka miarina ianareo. Ary rehefa tonga io fotoana io, dia ho lasa fotoana "**handeha aho**" hanamafy ny fifandraisana, hihavana, ary hitondra filaminana, hamela heloka, hanasitrana ary hitondra fiadanana. Eny, **HIARINA INDRAY IANAREO!** Ary amin'izany dia ampio koa ny hafa hiarina!



# FAMINTINANA




Tahaka an'i Josefa, dia nomen'Andriamanitra fahitana momba ny fiainantsika isika. Mety tsy ho sarotra be tahaka ny an'i Josefa izany; fa miasa ho antsika Andriamanitra, isam-batan'olona sy ho an'ny daholobe. Indraindray mety hanjavozavo ny fahitantsika. Arakaraky ny toerana misy antsika, dia mety tsy ho azontsika amin'ny fahafenoany ny drafitr'Andriamanitra. Mety tsy azo tanterahina koa aza izany amintsika, ary mety alaimpanahy isika tsy hiraharaha izany, tahaka ny nofy hafa iray. Mifidiana ny hiara-hiasa amin'Andriamanitra:

**1.** Amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fianarana mitohy ny tenin' Andriamanitra
**2.** Amin'ny fametrahana fitokisana tanteraka amin'Andriamanitra
**3.** Amin'ny fietrentsika eo ambany fitarihan'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika sy amin'ny fankatoavana
**4.** Amin'ny fifidianana ny hitia sy hanompo ny hafa tsy misy fepetra
**5.** Amin'ny fanekena ny fanomezana izay nomen'Andriamanitra, sy amin'ny fisafidianana ny hampiasa azy ireo mba ho fitahiana ho an'ny hafa.

Hataon'Andriamanitra ho tanteraka ny nofy izay nomeny antsika. Manome herim-po sy hery ary toe-tsaina miharitra. Ary tsarovy foana fa, raha misafidy izany ianareo, dia afaka miarina! Nanome ity toky ity ho an'ny Korintianina i Paoly, izay ho antsika koa ankehitriny: *«Ary tsy ketraka izahay fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany,*

*dia havaozina isan'andro isan'andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana sy vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay.»* (**2 Korintiana 4: 16-18**).

Tahaka ny an'i Josefa dia mety ho mafy sy mandavo ny làlana. Noho izany, dia mifidiana ny hifandray amin'Andriamanitra, tahaka ny nataon'i Josefa, amin'ny fametrahana fitokisana Aminy, amin'ny fiainana fiainana feno fahitsiana sy famirapiratana, amin'ny fanompoana ny hafa, amin'ny fanekena an' Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ary amin'ny fitiavana ny hafa amin'ny fampiharana famindram-po. Izany no nahafahan'I Josefa nihotra ary nivoaka ny lavaka lalina izay nanipazana azy. Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, dia hiarina koa isika ka hihiaka ampifaliana hoe: « **HANDEHA AHO!** »



## NAOTY

*1. Ellen G. White, The truth about Angels, p.209 (The signs of the times, 30Mai 1895.*

*Ellen G.White. Patriarches et prophètes, p.199. Dammarie-les-Lys, France, Editions Vie et Santé*

*Departemantan'ny fiainam-piananankaviana*
*Fivondronambe ny federasiona eto amin'ny ranomasimbe indiana*

© *Copyright Febroary_2022*